REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA**

**FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA**
**TAONA 2019**

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-39

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-004/2019 TAMIN'NY 2 OKTOBRA 2019 "PORTANT MODIFICATION DE CERTAINES DISPOSITIONS DE LA LOI N°2016-029 DU 14 JUILLET 2016 PORTANT CODE DE LA COMMUNICATION MEDIATISEE"**

Fivoriana faha-26
Natao ny
Talata 10 Desambra 2019
- Atoandro -

**FOTOPOTOTRY NY FIVORIANA**

**Natao ny**

**Talata 10 Desambra 2019**

**- Atoandro -**

Pejy


- Fitohizan'ny fivoriana ....................01
- Fiantsoana anarana ....................01
- Famakiana ny tatitra ....................02
- Fanitsiana ny tatitra ....................10
- Famelabelarana ny volavolan-dalàna ....................12
- Adihevitra ankapobeny ....................15
- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2019 ....38
- Fiatoan'ny fivoriana ....................76

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- MICHELLE Bavy Angelica

**FOTOANA:** Talata 10 Desambra 2019 tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2019 tamin'ny 2 Oktobra 2019 "portant modification de certaines dispositions de la loi n°2016-029 du 14 Juillet 2016 portant code de la communication médiatisée».

- Lakolosy -

**- 1 -**
**- Fitohizan'ny fivoriana -**

**Andriamatoa FILOHA**
Tompokolahy sy Tompokovavy,
Mitohy anio Talata 10 Desambra 2019, ny fivoriantsika.
Miarahaba antsika Solombavambahoaka tonga manatrika izao fivoriambe izao ary miarahaba torak'izay ihany koa ny vahinintsika izay tarihin-dRamatoa Minisitry ny Serasera sy ireo teknisiana ambony mpiara-miasa aminy ka manatrika izao fivoriambe izao.

Miangavy ny Mpitantsoratra alohan'ny hanombohana ny fivoriana mba hanamarika ny fahatongavantsika Solombavambahoaka tsirairay avy.

**- 2 -**
**- Fiantsoana anarana-**

**Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina**
Ramatoa sy Andriamatoa isany:
AFAKANDRO Alphonse
…………………………………
……………………………………..
…………………………………………………..
ZAFINANDRO Perle Bien Aimée

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra antsika Solombavambahoaka hajaina, tonga manatanteraka ny adidy sy ny andraikitra ato amin'ity Lapa ity, amin'izao ora sy fotoana izao.

Tompokolahy sy Tompokovavy, ny fandaharam-potoanantsika izao Talata 10 ny volana Desambra 2019 izao, fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2019 tamin'ny 02 Oktobra 2019 "Portant modification de certaines dispositions de la loi n°2016-029 du 14 Juillet 2016 portant code de la communication médiatisée».

Koa iangaviana ny Mpampakateny handroso etỳ anoloana hamaky ny tatitra momba an'izany, tsara homarihana fa adidy sy andraikitra noraisin'ny Solombavambahoaka sy ny teknisiana tany amin'ny asam-baomiera izy ity.
Mandroso ianao, Andriamatoa Solombavambahoaka hajaina.

**- 3 -**
**- Famakiana ny tatitra -**

**Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome fitenenana.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka namana;
Miarahaba an-dRamatoa Minisitra sy ny teknisiana miaraka aminy;
Miarahaba antsika mpanao gazety izay azo ambara fa kitro ifaharan'ity lalàna ity.

Nivory ny Talata 3 Desambra 2019 tontolo andro ny Vaomiera mitambatra niarahan'ny vaomieran'ny Serasera sy ny Fampahalalam-baovao ary ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana sy ny vaomieran'ny lalàna nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2019 tamin'ny 2 Oktobra 2019 «portant modification de certaines dispositions de la loi n°2016-029 du 14 juillet 2016 portant code de la communication médiatisée».

Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra, Filohan'ny vaomieran'ny Serasera sy ny Fampahalalam-baovao ary ny fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Serasera sy ny Fampahalalam-baovao ary ny fandraisana amin'ny Andrimpanjakana tonga nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa isany:
1- RAKOTONDRASOA Fetra
2- RAZARA Pierre Fidèle
3- TSABOTOKAY Honoré
4- ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot

Ireto avy kosa ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:
1- ANDRIANJATO Liantsoa Bina
2- RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
3- RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta
4- ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Félicien
5- RABEKIJANA Solofo Hery
6- SATRA Augustin
7- RATSIVAHINY Andry
8- RALAMBOZAFIMBOLONA R. Fetra
9- ANDRIAMIASASOA Doda

Ireo teknisiana tonga nanatrika ny fivoriana:
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

| | | |
|---|---|---|
| 1- | RALAIMAZAVA Johary Andriamahery | SG/MCC |
| 2- | FANAHIMANANA Hubert Tiaray | DG/MCC |
| 3- | RAMBOA Michel | CT/MCC |
| 4- | RATSIMBAZAFY Ferdinand | CT/MCC |
| 5- | RANDRIANAISOA Henintsoa | Magistrat-DERL/MIN JUS |
| 6- | RALIMANANA Diadème | Magistrat-DERL/MIN JUS |
| 7- | RAKOTONDRATAFIKA Henintsoa | DAJ/MCC |
| 8- | RANDRIAMANJATO Herimalala Jenny | CCI/MCC |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha, nanamarika fa araka ny lalàna mifehy ny Antenimerampirenena dia azo dinihina tsy misy olana ity volavolan-dalàna ity.

Rehefa izany, nomeny ny teknisiana ny fitenenana mba hanazavany ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana fa efa nisy fifampidinihan'ny mpanao gazety sy ny PNUD talohan'ny hamolavolana ny lalàna faha-2016-029, tsy voahaja anefa ny fifanarahana ka nahatonga ny korontana tamin'izany.

Nisy ny disadisa na teo amin'ny mpanao gazety na teo amin'ny fanatanterahana ny asany ka ny lalàna no ahafahana mandamina izany. Nisy ny fifampidinihana voalohany teny Nanisana, taorian'izany, nisy ny fifampiresahana tamin'ny PNUD mba hamerenana sy hitakiana ny «liberté de presse». Natao ny fitetezana ny Faritany enina (06) mba hakana ny hevitry ny mpanao gazety arakaraky ny zava-misy any an-toerana:

- Faritanin'i Mahajanga, 18 Jiona 2019;
- Faritanin'i Toamasina, 01 Jolay 2019;
- Faritanin'Antananarivo, natao tao Antsirabe ny 03 Jolay 2019;
- Faritanin'i Fianarantsoa, 17 Jolay 2019;
- Faritanin'i Toliara, 19 Jolay 2019.

Nanamarika ny teknisiana fa ny mpanao gazety nakana ny hevitra sy ny hetaheta dia ireo izay misoratra ao amin'ny lisitry ny OJM.

Rehefa azo ireo hetahetan'ny mpanao gazety, naharitra 10 ka hatramin'ny 15 andro no nandrafetan'ny Minisitera ity volavolan-dalàna ity izay natao ara-pomba demokratika. Ny voalohan'ny volana Aogositra 2019 no naseho vahoaka tao amin'ny Hotely Carlton ny volavolan-dalàna.

Nandritry ny fandrafetana ny volavolan-dalàna, nisy ny hevitra nampiana, novaina, nofoanana, ary nisy kosa ny hevitra notazonina.

| | |
|---|---|
| **Article 12.** Est inséré un article 51 bis dont les dispositions suivent:<br>**Art 51 bis nouveau.** L'Autorité Nationale de Régulation de la Communication Médiatisée a pour missions de réguler l'activité des organes de presse.<br>A cet effet, elle est chargée de:<br>**5ème tiret**<br>- Assurer l'égalité de traitement entre les opérateurs de presse, de communication, de publicité et de cinématographie; | **Article 12.** Est inséré un article 51 bis dont les dispositions suivent:<br>**Art 51 bis nouveau.** L'Autorité Nationale de Régulation de la Communication Médiatisée a pour missions de réguler l'activité des organes de presse.<br>A cet effet, elle est chargée de:<br>**5ème tiret**<br>- Assurer l'égalité de traitement entre les opérateurs de presse, de communication, de publicité et de cinématographie **à caractère informatif;** |
| **Article 14.** Les dispositions de l'article 52 sont modifiées comme suit:<br>**Art 52 nouveau.** L'Autorité Nationale de Régulation de la Communication Médiatisée est composée de 13 membres dont:<br>**12ème tiret**<br>- Un (1) représentant des sites de diffusion en ligne reconnu par l'OJM; | **Article 14.** Les dispositions de l'article 52 sont modifiées comme suit:<br>**Art 52 nouveau.** L'Autorité Nationale de Régulation de la Communication Médiatisée est composée de 13 membres dont:<br>**12ème tiret**<br>- Un (1) représentant **d'un organe de presse** en ligne reconnu par l'OJM; |
| **Article 22.** Est inséré un article 54 ter dont les dispositions suivent:<br>**Art 54 ter nouveau** l'Ordre des Journalistes de Madagascar a pour mission de réguler l'exercice de la profession de journaliste.<br>A cet effet, il est chargé de:<br>**4ème tiret**<br>- Représenter les journalistes devant les autorités politique, administrative et/ou juridictionnelles;<br>**5ème tiret**<br>- assister les autorités administratives dans toute affaire mettant en cause la presse devant les juridictions; | **Article 22.** Est inséré un article 54 ter dont les dispositions suivent:<br>**Art 54 ter nouveau** l'Ordre des Journalistes de Madagascar a pour mission de réguler l'exercice de la profession de journaliste.<br>A cet effet, il est chargé de:<br>**4ème tiret**<br>- **Assister** les journalistes devant les autorités politique, administrative et/ou juridictionnelles;<br>**5ème tiret**<br>- **Supprimé -** |
| **Article 25.** Est inséré un article 55 ter dont les dispositions suivent:<br>**Art 55 ter nouveau.** L'Ordre des Journalistes de Madagascar peut démettre son Président de ses fonctions………………………………………<br>sauf l'expédition des affaires courantes jusqu'à l'élection du nouveau Président ainsi que son bureau dans un délai de quinze (15) jours. » | - **Supprimé -** |
| **Article 46.** Les dispositions de l'article 194 sont modifiées comme suit:<br>**Art 194 nouveau.** Toute production, tout tournage et toute exploitation d'œuvre | **Article 46.** Les dispositions de l'article 194 sont modifiées comme suit:<br>**Art 194 nouveau.** Toute production, tout tournage et toute exploitation d'œuvre |

| | |
|---|---|
| cinématographique sont soumis à l'autorisation préalable du Ministère en charge de la Communication. | cinématographique **à caractère informatif** sont soumis à l'autorisation préalable du Ministère en charge de la Communication. |
| **Article 50.** Sont et demeurent abrogées toutes dispositions antérieures contraire à la présente loi <u>notamment toutes les dispositions des points 35 et 47 de l'article premier, celles des articles 2, 5, 7, 19, 20, 30, 45, 51 à 56, 83, 87, 106, 110, 116, 118, 121, 131, 133, 135, 173 à 175 et 194 de la loi n°2016-029 sus visée.</u> | **Article 50.** Sont et demeurent abrogées toutes dispositions antérieures contraire à la présente loi |

Misy hevi-dehibe miisa valo (08) ity volavolan-dalàna ity

1 -**<u>Fanadiovana ny fomba firafitry ny lalàna:</u>**

Novaina ho lalàna ny fehezan-dalàna (andininy voalohany);

Novaina ho "informations mensongères" ny "fausse nouvelles" (andininy faha-9) satria mety hitarika fanagadrana io fomba filaza taloha io;

Lasa ho «publicitaire» ny «publiciste» (andininy faha-3) satria manana fahalalana manokana momba ny «droit public» na atao hoe «publicité»;

Fanesorana ireo voambolana mifangaro (termes ambigus).

2 -F**<u>amerenana ireo zo nesorina tao anatin'ny rijan-teny voalohany</u>**:

Ny taona 2015 no nisian'ny rijan-teny voalohany, kanefa nisy ny fanesroran'ny Fitondrana tamin'izany fotoana izany ny zo sasantsasany efa voasoratra tamin'izany.

Anisan'izany ny fahalalahana amin'ny fanehoan-kevitra eo am-panatanterahana ny:

-kabary ara-politika;

-famakafakana ny raharaham-panjakana;

-fampielezan-kevitra;

-adihevitra momba ny zon'olombelona;

-asa fanaovan-gazety;

-fampisehoana ny kolotsaina sy ny zava-kanto;

-fanabeazana;

-kabary ara-pivavahana;

-dokam-barotra.

3 -**<u>Fanentsenana ny "vide juridique" mikasika:</u>**

-ny zo amin'ny fiainana manokana (vie privée) sy ny sary (droit à l'image);

-ny zo amin'ny «presse en ligne» tsy vadin'asa fa tena asa ny «presse en ligne» ary tsy maintsy mampiasa mpanao gazety matihanina iray fara-fahakeliny.

4 -**<u>Fampivoarana ny asa fanaovan-gazety</u>**:

Omena tombony eny amin'ny Fadin-tseranana sy eo amin'ny lafiny ara-ketra ny mpanao gazety amin'ny fanafarana entana misy ifandraisana amin'ny asa fanaovan-gazety.

5 -**<u>Fifehezana ny asa fanaovan-gazety</u>**:

Ny zo dia mifandraika hatrany amin'ny "obligations". Nesorina ny sazy fanagadrana fa nampiakarina kosa ny lamandy mba ho matotra kokoa ny asa.

Ny fanasaziana dia manana anjara asa: "éducatif, dissuasive, incitatif".

6 -**Fisintahan'ny mpanatanteraka amin'ny OJM (Désengagement de l'éxécutif de l'OJM)**:
Omena fahefana malalaka hiaro sy hanasazy ary hisolotena ny mpanao gazety eo amin'ny ambaratongam-pahefana rehetra ny OJM. Tsy ny Minisitera intsony no manao ny fanaraha-maso fa ny «Juridiction administrative».

7 -**Fananganana ny ANRCM (Autorité Nationale de Régulation de la Communication Médiatisée)**:
Tsy an'ny amin'ny Minisitera intsony no angatahana alalana hamokatra haino aman-jery fa nomena ny ANRCM ny fahefana mikasika izany. Ny fandrafetana ny mpikambana ao amin'io ANRCM io dia miisa 13, ka enina (06) ny avy amin'ny Fanjakana ary ny fito (07) kosa avy amin'ny sehatra hafa.
Tsy ny Fanjakana intsony no manao ny fanaraha-maso eo anivon'ny ANRCM fa ny Filan-kevim-panjakana (Conseil d'Etat).

8 -**Fitsambidihana any amin'ny TNT (Télévision Numérique Térrestre)**:
Nohon'ny fahateren'ny «fréquence» eran'izao tontolo izao, nisy ny fifanarahana iraisam-pirenena tamin'ny taona 2006 ahafahana hitsimbadika amin'ny TNT mba hahamora ny «couverture nationale» eo amin'ny lafiny fahitalavitra. Efa tamin'ny taona 2015 i Madagasikara no tokony efa nitsimbadika tamin'io TNT io fa nisy ny fangatahana fanemorana ho amin'ny taona 2020

**TOVANA**
**FANITSIANA**

| AU LIEU DE | LIRE |
|---|---|
| **Article 20.** Les dispositions de l'article 54 sont modifiées comme suit:<br>**Article 54 nouveau:**<br>**Alinéa 3:**<br>L'OJM retire la carte d'identité professionnelle si le journaliste n'exerce plus le métier durant unpériode de douze (12) mois consécutifs. | **Article 20.** Les dispositions de l'article 54 sont modifiées comme suit:<br>**Article 54 nouveau:**<br>**Alinéa 3:**<br>L'OJM retire la carte d'identité professionnelle si le journaliste n'exerce plus le métier durant **une** période de douze (12) mois consécutifs. |

Taorian'izany, niroso tamin'ny fandinihana isan'andin'ny volavolan-dalàna ny mpivory.
Andininy faha-2, mila maka alalana any amin'ny ANRCM ny fanokafana ny «presse en ligne». Nanamarina ny Tekinisianina fa "support" no ilazana ny fandaingana alefa amin'ny "facebook" sy ny "youtube" fa tsy "presse en ligne". Hita ao amin'ny andininy faha-45 (article 174 bis nouveau) ny mombamona io "presse en ligne" io. Ny "bloggeur" dia olona iray manao fandaharana ka tsy mitovy amin'ny "organe de presse" izay ahitana olona maromaro samy manana ny fahaiza-manao manokana, ary tsy maintsy manana "Directeur de publication".

Andininy faha-4, novaina ho “en ligne” ny “sur la toile” mba hialana amin’ny fiovaovan’izany teo aloha.

Andininy faha-8, nampiakarina ny lamandy tamin’ity volavolan-dalàna ity satria nesorina ny sazy famonjana. Raha ambany io lamandy io dia maro ny hadisoana mety hiseho sady tsy voahaja ny lalàna.

Nanamarika ny Solombavambahoaka fa sao miendrika fampitahorana ny mpanao gazety ny fampiakarana ny lamandy ka hisy fiantraikany amin’ny asany. Nandroso hevitra izy ireo ny amin’ny hampidinana ny lamandy farany ambany voalazan’ny volavolan-dalàna.

Andininy faha-13, ny ANRCM no mamaritra fahalehibiazan’ny hadisoana na tsia. Raha tsy resy lahatra amin’izany ny mpanao gazety heverina nanao ny hadisoana dia afaka mampakatra izany any amin’ny Filan-kevim-panjakana izy.

Andininy faha-19, afaka manao fanaraha-maso amin’ny fotoana tsy ampoizina ny ANRCM, azony atao koa ny maka manam-pahaizana manokana momba izany.

Andininy faha-27, tsy manao fanaraha-maso ny OJM intsony ny Minisiteran’ny Serasera sy Kolotsaina.

Andininy faha-30, ny fametrahana ny “depot legal” dia natao ho tahiry fa tsy fanaraha-maso.

Rehefa izany, niroso tamin’ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

<u>Fanontaniana:</u>

1. Inona no fomba anasaziana ny olona manao hadisoana amin’ny fandefasana hevitra amin’ny alalan’ny “support”.
2. Araka ny andininy faha-8, ny mpanao gazety namoaka ny lahatsoratra an-gazety ve no tokony hikajiana ny lamandy sa ny lehibeny.
3. Inona no antony nampiakarana ny lamandy ao amin’ny andininy faha-9.
4. Inona ny antony hampidirina solotenan’ny Minisiteran’ny Kolotsaina ho mpikambana ao anatin’ny ANRCM.
5. Tsy lava loatra ve ny faharetan’ny fotoam-piasan’ny ANRCM.
6. Foana daholo ve ny haino aman-jery tsy mitsimbadika ao anatin’ny TNT.
7. Inona ny fepetra sy tombontsoa azo amin’ny fitsimbadihana ao anatin’ny TNT.
8. Isaky ny fotoana manao ahoana no anaovana ny “appel d’offre”-n’ny “licence”.

<u>Valiny:</u>

1. Enjehina amin’ny alalan’ny “code pénale”, na amin’ny lalàna mifehy ny fifandraisana, na amin’ny “cybercriminalité” izay manao hadisoana amin’ny fanehoan-kevitra amin’ny alalan’ny “support”.
2. Ny lehibe manao ny fanitsiana mialohan’ny famoahana ny lahatsoratra no voasazy raha misy ny hadisoana teo amin’ny fanehoan-kevitra, ka araka izay no ikajiana ny lamandy.
3. Nampiakarina ny lamandy ao amin’ny andininy faha-9 mba hahamatianina kokoa ny asa fanaovan-gazety.

4. Nampidirina ny Minisiteran'ny Kolotsaina satria natao hanabe voho ny Kolotsaina Malagasy ny lalàna, sady efa voalaza tamin'ny lalàna laharana faha -2016-029 izany.
5. Tsy vita ao anatin'ny roa na telo taona ny fanatanterahana ny andraikitry ny ANRCM ka izany no nahatonga ny faharetan'ny fotoam-piasany ho efa-taona.
6. Tsy foana ny haino aman-jery tsy mitsimbadika ao anatin'ny TNT fa tsy maha henika an'i Madagasikara.
7. Raha mitsimbadika ao anatin'ny TNT, tsy maintsy misafidy "theme" (thématisation), hisy ny fihatsaran'ny feo sy ny sary tsotra sady mora kokoa raha oharina amin'ny fividianana fitaovana ahafahana mandrakotra an'i Madagasikara. Mitaky asa betsaka sy mpiasa matotra kosa anefa izany.
   Efa misy ny "canal plus" anefa tsy ny rehetra no misitraka izany, fa ny "TNT" kosa hezahina ho an'ny olona rehetra.
   Ny "thématisation", tsy midika fa tsy afaka mandefa zavatra kely hafa ankoatry ny "theme"-n'ny fahitalavitra.
8. Arakaraky ny tinady sy fahafahan'ny ANRCM no anaovana ny "appel d'offre"-n'ny "licence".

Taorian'izany, niroso tamin'ny fandaniana ny isan'andininy ny mpivory.

- Famelabelarana ny antonantony: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Andininy voalohany hatramin'ny faha-4: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Andininy faha-5: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

- Andininy faha-6: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Andininy faha-7: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana).

- Andininy faha-8: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana).

- Andininy faha-9 hatramin'ny faha-11: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Andininy faha-12: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana).

- Andininy faha-13: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Andininy faha-14: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana).

- Andininy faha-15 hatramin'ny faha-19: lany nasiam-panovàna (jereo ny tovana).

- Andininy faha-20: lany nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna (jereo ny tovana).

- Andininy faha-21: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Andininy faha-22: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana).

- Andininy faha-23 sy faha-24: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Andininy faha-25: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana).

- Andininy faha-26 hatramin'ny faha-45: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Andininy faha-46: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana).

- Andininy faha-47 hatramin'ny faha-49: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Andininy faha-50: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana).

- Andininy faha-51: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa izany dia nolanian'ny Vaomiera mitambatra tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovana ny Volavolan-dalàna laharana faha-004/2019 tamin'ny 2 Oktobra 2019 « portant modification de certaines dispositions de la loi n°2016-029 du 14 juillet 2016 portant code de la communication médiatisée », ka ho entina any amin'ny Fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.
Nifarana tamin'ny 5 ora sy 45 minitra hariva ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

**TOVANA**
**FANOVANA**

| VERSION ORIGINALE | VERSION AMENDEE |
|---|---|
| **Article 5.** Les dispositions de l'article 5 de la Loi sus visée sont modifiées comme suit:<br><br>**Art. 5 nouveau.** Le droit à la liberté d'expression porte sur le discours politique, le commentaire des affaires publiques, la propagande électorale, le débat sur les droits de l'homme, le journalisme, l'expression culturelle et artistique, l'enseignement et le discours religieux. Il porte sur la publicité commerciale. | **Article 5.** Les dispositions de l'article 5 de la Loi sus visée sont modifiées comme suit:<br><br>**Art. 5 nouveau.** Le droit à la liberté d'expression porte **notamment** sur le discours politique, le commentaire des affaires publiques, la propagande électorale, le débat sur les droits de l'homme, le journalisme, l'expression culturelle et artistique, l'enseignement et le discours religieux. Il porte sur la publicité commerciale. |
| **Article 7.** Dans toutes ses dispositions, l'article 19 de la loi n°2016-029 du 14 juillet 2016 portant code de la communication médiatisée est abrogé. | supprimé |

| Article 8.<br><br>**Art 20 nouveau**<br>**Alinéa 7**<br>Toute atteinte à la vie privée commise par l'un des moyens ci-dessus énumérés est punie d'une amende de 3 000 000 à 6 000 000 Ariary, sans préjudice de l'application de la loi n°2014-006 du 19 juillet 2014 sur la cybercriminalité.» | Article 8.<br><br>**Art 20 nouveau**<br>**Alinéa 7**<br>Toute atteinte à la vie privée commise par l'un des moyens ci-dessus énumérés est punie d'une amende de **1 000 000** à 6 000 000 Ariary, sans préjudice de l'application de la loi n°2014-006 du 19 juillet 2014 sur la cybercriminalité.» |
|---|---|

Izay, Andriamatoa Filoha, ny tatitra avy amin'ny Vaomiera.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra indrindra ny mpampakateny namaky an'izay tatitra izay, ary mendrika omena tehaka no sady mavitrika tokoa ny lehilahy.

Heveriko Andriamatoa mpampakateny, fa tsara ny asa nataonao teo ary hita fa mazava aminay loatra koa iangaviana ianao hamonjy ny toeranao raha sitrakao. Hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra vao avy novakiana teo isika.

Apetraka tsara atỳ amboalohany, tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny aloha isika fa miresaka fotsiny na manamarika na manitsy na mameno ny tatitra natao teo. Malalaka ny fandraisam-pitenenana ho antsika Solombavambahoaka. Rehefa vita ny anjaran'ny Solombavambahoaka, miroso amin'ny dingana manaraka indray isika. Alohan'izay rehetra izay, manao satroka ny Solombavambahoaka hajaina RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle.

**- 4 -**
**- Fanitsiana ny tatitra -**

**Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome fitenenana.

Fanitsiana fotsiny no hataoko, ao amin'ny tatitra misy ny Mambran'ny vaomiera tonga tao, toa an'Andriamatoa isany RAKOTONDRASOA Fetra, RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle sy TSABOTOKAY Honoré ary ANDRIAMAIATRIKARIVO Tiana James Pierrot. Tsy voasoratra ao ny anaran'ny Solombavambahoaka voafidy tao Ambositra, Andriamatoa ANDRIATAHIANANOMENJANAHARY Felicien anefa nandray anjara mavitrika no sady nandany ny fanapahan-kevitra izay natao tao ary nanaiky izay zavatra voasoratra tao.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka hajaina.

Miditra hatrany amin'ny fanitsiana na fanamarihana ny tatitra isika, afaka mandray fitenenana izay manan-kambara.

**Andriamatoa RAMENASON Rio Merci**
Misaotra, Solombavambahoakan'Antsiranana voalohany ny tenako, misy zavatra kely tiako angatahana fanazavana. Misy teny ato manao hoe, natao ny fitetezana ny faritany enina mba hakana ny hevitry ny mpanao gazety arakaraka ny zava-misy any an-toerana.

Faritanin'i Mahajanga ny 18 Jona 2019, Toamasina tamin'ny 01 Jolay 2019, Antananarivo natao tany Antsirabe ny 03 Jolay 2019, Fianarantsoa ny 17 Jolay 2019, ary Toliary tamin'ny 19 Jolay 2019; tsy ampy enina ny isany; tsy hainay na tany Antsiranana ve ry zareo sa tsy tany.
Izay ihany ny fanontaniana apetrako.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra indrindra, Andriamatoa Solombavambahoaka hajaina.

Omentsika an-dry zareo avy any amin'ny Minisitera izay fanontaniana izay rehefa avy eo hamaliany izany. Miroso hatrany amin'ny fanitsiana na fanamarihana momba ny tatitra isika.

**Andriamatoa ANDRIANTAHINANOMENJANAHARY Felicien**
Misaotra indrindra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anao, Ramatoa Minisitra sy ianareo teknisiana rehetra tonga eto.

Eo amin'ny hoe, ireto kosa ny Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana, diso io laharana faha-4 io. Tena serasera no safidiko voalohany tao anatin'ny vaomiera miisa telo tokony hidirana, noho izany tsipihina ny maha tsy mpikambana ahy amin'io vaomiera io.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**
Raisina izay fanitsiana izay, Andriamatoa Solombavambahoaka.
Mbola misy manan-kambara mikasika ny tatitra ve isika Solombavambahoaka.

- Tsy misy -

Raha ohatra ka tsy manan-kambara intsony isika amin'ny fanitsiana na fanamarihana momba ny tatitra. Omentsika an-dry zareo avy any amin'ny Minisitera ny fitenenana raha toa manan-kambara, Ramatoa Minisitra na ireo teknisiana miaraka aminy.

**Ramatoa RAKOTONDRAZAFY Lalatiana Andriatongarivo, Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina**
Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, mpisolo toerana;
Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;
Isika Solombavambahoaka namana rehetra;
Isika mpanao gazety namana ao anatin'ny Minisitera sy ny mpiara-miasa rehetra;
Ianareo mpanao gazety rehetra tonga manatrika eto androany.

Ny voalohan-teninay, Andriamatoa Filoha, misaotra anareo eto amin'ny Antenimierampirenena tamin'ity fotoanantsika androany ity. Misaotra ihany koa ny Mpampakateny, Solombavambahoakan'i Vohipeno nitondra ny tatitra nandritra ny asambaomiera nataontsika andro vitsivitsy lasa izay. Asa moa ny mety ho fandehan'izy ity, Andriamatoa Filoha, raha ohatra avelanao avy hatrany aho hamelabelatra ny antompisiantsika eto androany. Mety ve raha hamaly avy hatrany ny fanontanian'ny Solombavambahoaka namana teo aho sa avy eo vao miditra amin'izany.

**Andriamatoa FILOHA**
Mbola misy adihevitra amin'ny ankapobeny avy eo, Ramatoa Minisitra. Afaka milaza izay tianao hambara ianao ka omena anao ny fitenenana, Tompoko.

**- 5 -**
**- Famelabelarana ny volavolan-dalàna -**

**Ramatoa RAKOTONDRAZAFY Lalatiana Andriatongarivo, Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina**
Mankasitraka, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Filoha;
Ianareo Solombavambahoaka namana rehetra tonga manatrika eto.

Telo taona katroka tahaka izao no nahatongavanay teto amin'ity Antenimierampirenena ity, teo amin'ny toerana'Andriamatoa Soava ANDRIAMAROTAFIKA teo no toerana nisy ahy tamin'izay fotoana izay. Mpikambana tao amin'ny "Mouvement par la Liberté d'Expression" na MLE ny tenako tamin'izany, niady ny lalàna izay nasiantsika fanovàna, mitondra ny laharana faha-2016-029 izay nolaniantsika teto amin'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona.

Raha ny tantaran'izy ity, nisy ny dinika nandritra ny 20 taona raha tsorina no nandrasana an'izay lalàna izay. Tamin'ny taona 2014 sy 2015 nisy ny fiaraha-midinika tamin'ny fikambanana iraisam-pirenena sy ny PNUD izay nanampy tamin'ny famatsiam-bola ny fitetezam-paritra natao mikasika azy io satria tokony hifehy ny mpanao gazety. Nandray anjara ny mpanao gazety, nanome hevitra ny namany sy nanao fitetezam-paritra manerana an'i Madagasikara ary namoaka rijan-teny iray nantsoina hoe "avant projet de loi" mikasika ny serasera amin'ny haino aman-jery na ny "communication médiatisé".
Raha vita izay dingana rehetra izay, araka ny fandaniana ny lalàna moa, tsy ho sanatria izaho indray no hampahalala anareo an'izany fa hoentina eo anatrehan'ny Filankevitry ny Governemanta sy Filankevitry ny Minisitra io "avant projet de loi" io.

Rehefa noentina teo amin'ny Filankevitry ny Governemanta sy Filankevitry ny Minisitra izy tamin'izany dia novaina daholo ny zavatra rehetra tapaky ny mpanao gazety izay nanaovana famolavolana.

Teo no teraka ny "Mouvement pour la Liberté d'Expression» na MLE, nangataka tamin'ny Minisitra hoe ahoana toa tsy ny zavatra nifanarahana no nivoaka ato anatin'ity rijan-teny ity.

Nambarany fa io no tapaka tamin'ny Filankevitry ny Governemanta sy ny Filankevitry ny Minisitra ka sarotra aminay ny hanova azy, hoy izy. Tsy mety io satria tsy io no nifanarahantsika, izay ny teny niakatra tamin'ny mpanao gazety tamin'izany, atao akory moa fa ny tena tsy mpandany lalàna ka lany tamin'ny endriny novàna tanteraka anefa tsy nifanaraka tamin'ny zavatra novolavolain'ny mpanao gazety.

Naharitra roa volana ngarangidina ny tolona nataon'ny mpanao gazety tao anatin'ny MLE. Nanaovana miara-manonja sy nidinana an-dalam-be mihitsy niainga avy eny Analakely mandra-pahatongavana aty, isaorana manokana ny Solombavambahoaka sasantsasany tato aminareo nandray ny mpikambana ao amin'ny MLE. Nisy fihaonana ohatr'izao teto ka nitondranay fanazavana hoe tsy araka ny nifanarahana ity lalàna holanianareo ity.
Indrisy, lany ihany io lalàna io, niisa 18 ny Solombavambahoaka nandany azy tamin'izany, akory atao fa izay no zava-nisy. Niaina tao anatin'ny teritery ny mpanao gazety, ary ny zavatra tena goavana indrindra sy nahatonga ny mpanao gazety niady mafy dia ny fisian'ny "peine d'emprisonnement" na ny "peine privative liberté" tao anatin'io lalàna io, izay fantatsika tsara fa fenitra iraisam-pirenena izany. Tsy hoe sanatria ny mpanao gazety no tsy te ho gadraina fa fenitra iraisam-pirenena ny hoe tsy misy "peine privative de liberté" amin'ny resaka "infraction" na "délit de presse".

Nofoanana ny "couverture nationale" sy ny fisoloatenanan'ny mpanao gazety tao anatin'ny ANRCM fa natao fanjakana daholo ny tao antiny. Izany rehetra izany dia noraiketina sy nolaniana tao anatin'ny lalàna laharana faha-2016-029. Mazava ho azy fa resy ary nangina ny MLE satria toy ny atody miady amam-bato.

Rehefa tonga, Andriamatoa Filoha sy ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ary ianareo Solombavambahoaka namana ny fotoana izay nandraisana ity andraikitra maha Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina ahy ity. Anisan'ny fanamby natako voalohany tamin'ny mpanao gazety hoe ovaina io lalàna mifehy ny Serasera sy ny haino aman-jery io satria tsy ahitantsika taratra ny fahalalahan'ny mpanao gazety.

Tiako homarihana tsara fa raha tonga eto amin'ity toerana ity aho, io lalàna laharana faha-2016-029 no mitohy sy mihatra dia ny tenako sy fitondram-panjakana misy ahy no mahazo tombony voalohany. Raha ny sitraponay tsy kikitihinay mihitsy izy io satria mi-"arranger"-anay amin'ny maha mpitondra Fanjakana anay. Tsy hanao an'izany ny tenako sy ny Minisitera satria teny nifanaovana tamin'ny mpanao gazety fa tsy maintsy hovàna izy io satria fahalalahanan'ny asa fanaovan-gazety no tadiavintsika.

Izay no tiako hapetraka, Andriamatoa Filoha, mba ho karazana teny fampidirana ho antsika Solombavambahoaka namana amin'ny fandaniana ity volavolan-dalàna ity. Noho izany, eo ampelatananareo ny fandaniana azy androany. Raha lany ity, ianareo no hipetraka eo amin'ny tantara ary ho fantatry ny mpanao gazety sy ny "opinion publique" fa nandany araka ny fangatahana sy hetaheta momba ny fahalalahana ary fahafahan'ny asa fanaovan-gazety izay notakiana hatrizay. Tsy ny Minisitera na izaho no hahazo tombony sy hirehareha raha lany ity volavolan-dalàna entinay eto aminareo ity fa ny mpanao gazety rehetra.

Nanombana sy nieritreritra izahy fa nisy “engagement” nataonay amin’ny maha Minisitera anay. Tontosa izany ankehitriny satria efa nampanantena sahady tamin’ny mpanao gazety izahay ary naverimberin’ny Filoha holafitry ny mpanao gazety hatrany izany. Afaka manamafy an’izany Andriamatoa isany RAZARA Pierre Fidèle sy RAKOTONDRASOA Fetra satria nanatrika teo amin’ny maha mpanao gazety azy ireo. Tao amin’ny “Hotel Carlton” no fotoanan’ny fikambanam-ben’ny mpanao gazety nandinika sy namolavola ity volavolan-dalana ity. Izany hoe, io “avant projet de loi” io tamin’ny “restitution nationale” natao tamin’ny 5 Aogosotra 2019 lasa teo.

Nilaza izahay fa nanao “engagement” rehefa nangataka ny Filoha holafitry ny mpanao gazety hoe aza ovaina intsony io, Ramatoa Minisitra, sao hamitaka anay mpanao gazety indray ianareo rehefa misy ny Filankevitry ny Governemanta sy ny Filankevitry ny Minisitra. Nanao “engagement” izahay, Tompoko; tsy hikitika azy io mihitsy satria efa niarahan’ny mpanao gazety namolavola.

Hamaliako avy hatrany ny fanontanian’ny namako avy any Antsiranana teo, mino aho fa ny “secrétariat” no nandatsaka azy, Andriamatoa Solombavambahoaka, fa tamin’ny 8 Jolay 2019; ny tenako mihitsy no nitarika ny “consultation régionale” natao tany Antsiranana. Misy toerana hafa mety tsy nandehanako angamba, ny tenako mihitsy no tany, toy izay koa ny tany Toamasina mba hitenenana hoe manan-danja izay “consultation” natao izay. Koa rehefa nanao “engagement” izahay, isaorako ny Fitondram-panjakana, ny teo anivon’ny Filankevitry ny Governemanta sy ny Filohan’ny Repoblika nandritra ny Filankevitry ny Minisitra nanaiky tsy nanisy fanovàna izay zavatra niarahana namolavola tamin’ny mpanao gazety. Lany tsy nasiam-panitsina sy tsy nasiam-panovàna araka ny niarahan’ny mpanao gazety namolavola azy tamin’ny Filankevitry ny Governemanta sy tamin’ny Filankevitry ny Minisitra.

Tonga eto aminareo izy ity ankehitriny, nisy moa fikitihina izay efa nataon’ny avy eo anivon’ny asam-baomiera na ny Solombavambahoaka teo anivon’ny vaomiera, mino aho fa mbola hanaovana ady hevitra eto izy ity, Andriamatoa Filoha. Handresy lahatra anareo izahay hoe naninona no te-hitazona ny rijan-teny tsy asiam-panitsiana sy tsy asiam-panovàna araka ny hetahetan’ny mpanao gazety satria tsy an’ny Minisitera ity volavolan-dalàna ity fa tena an’ny mpanao gazety, Andriamatoa Filoha sy ianareo mpikambana ao amin’ny Birao Maharitra.

Raha lany tsy misy fanovàna ity, ianareo no hitan’ny mpanao gazety ary mino aho fa hanana “reconnaissances” aminareo izy ireo sy ny tontolon’ny serasera amin’ny haino aman-jery. Raha misy fanovàna, ka sanatria ny votoatiny anisan’ny niadivana tao anatin’ny MLE izay hitanay fa somary nisy notsoahana tao amin’ny asam-baomiera dia mbola anareo sy ny mpanao gazety ihany koa izay, saingy hiezaka izahay handresy lahatra anareo hatrany raha sitrakareo. Tsy misy andraikitray ato amin’ny Minisitera intsony izany satria ianareo no mandidy sy manapaka ary tompon’ny teny farany momba izany.

Tahaka izay, Andriamatoa Filoha sy ianareo mpikambana ao amin’ny Birao Maharitra ary ianareo Solombavambahoaka hajaina no teniko etỳ am-boalohany. Eo am-pelatananareo izy ity, isaorana sahady ianareo amin’ny ezaka hataonareo sy hanakatra ny antony nahatonga antsika eto androany ary hipetraka ho tantara, Tompoko, raha mandany an’ity volavolan-dalàna ity ianareo.
Mankasitraka Andriamatoa Filoha.

**- 6 -**
**- Adihevitra ankapobeny -**

**Andriamatoa FILOHA**
Isaorantsika, Ramatoa Minisitra, tamin'izany famelabelarana fohy nataony teo izay.

Hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny isika, ka izay Solombavambahoaka handray fitenenana iangaviana mba hanangan-tànana handraisana ny anarany.
Tsara marihina fa mba afahantsika mandeha haingana kokoa, heviriko fa mety angamba raha ohatra ka miroso avy hatrany amin'ny adihevitra isika, afaka mamaly avy hatrany, Ramatoa Minisitra, mandritry ny fametrahantsika fanontaniana.

Misaotra Tompoko.

Ny Solombavambahoaka hajaina HENRI Jean Michel.

**Andriamatoa HENRI Jean Michel**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome fitenenana.
Miarahaba anao sy Ramatoa Minisitra ary ireo teknisiana miaraka aminy.

Misaotra, Ramatoa Minisitra, tamin'ny famelabelarana ny tantara izay napetrakao momba ny nahateran'ity volavolan-dalàna ity. Zava-nisy daholo ireo ary niainana teto, mitovy aminao koa izahay, Ramatoa Minisitra, tao anatin'ny tantara tokoa ny tena fa tsy tany ivelany. Manentana ny Solombavambahoaka rehetra aho handany an'ity lalàna ity indrindra eo amin'ny "dépénalisation"-n'ny asa fanaovana gazety fa "principe" iraisana izay zavatra izay.

Misaotra indrindra, Ramatoa Minisitra.

Izao no resaka tiako hatao, ity fanaovana gazety ity sahala amin'ny Baomba, mitovy amin'ny Miaramila manana basy ka rehefa mipoaka mety mahafaty.avy hatrany, mamono ity asa soratra ity. Ohatran'ny any Atsimo any, manafika ny dahalo anefa ny vahaoka tsy manan-tsiny tsy manana basy, mandositra ny fokonolona eo anatrehan'izay zavatra izay satria tsy afaka miady aminy. Noho izany, baomba sy basy mipoapoaka mihitsy ny soratra an-gazety, ny ain'olona no ao anatiny ao satria iainana izany asa soratra izany.

Raha ny fanontaniana tiako hapetraka eto, manaiky an'io "principe" io izahy fa inona kosa no "balise" sy ny "mesure préventive" na "cohèrsitive" manamafy izay "liberté d'expression" izay, satria malalaka ny asa fanaovana gazety. Malalaka ihany koa ny olona tsirairay ary manana "liberté individuelle" ka tsy tokony hokitihina, eny fa na ny "droit fondamental personnel" aza. Tena ho resy lahatra izahay, Ramatoa Minisitra, raha hasiana fanazavana ny mikasika ny "mesure limitative" eo amin'ny "droit" sy ny "liberté d'expression"-n'ny fanaovan-gazety.

Mankasitraka sy mankatelina, Ramatoa Minisitra.

Misaotra Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**
Mangataka fitenenana ny Solombavambahoaka hajaina TSIKIVY Adrien.

**Andriamatoa TSIKIVY Adrien**
Andriamatoa TSIKIVY Adrien, Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Kandreho.

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome fitenenana.

Misy zavatra tsy azoko eo amin'ny andininy faha-8 sy faha-19 manao hoe tsy azo gadraina izany ianareo mpanao gazety raha lany eto ity zavatra ity, fa lamandy no hampiharina. Ohatran'ny asa atao rehetra tokony hampigadra raha natao ve sa soloina lamandy fotsiny dia tsy hisy olona hiditra am-ponja intsony. Averiko indray mandeha raha ny zavatra rehetra fandikan-dalàna mampigadra, azo soloina vola ve, ka amin'izay fotoana izay tsy hisy olona hiditra am-ponja intsony.

Araka ny tenin'Andriamatoa Solombavambahoaka hajaina teo hoe, ohatran'ny basy io fanaovan-gazety io, rehefa tampoka mety hipoaka ary mamono olona. Sao dia tokony tsy hiditra amin'izay isika fa lasa fitiavan-tena ho anareo mpanao gazety raha tsy azo gadraina ianareo rehefa manao zavatra tsy mety.

Misaotra Tompoko

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana manaraka Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore.

**Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore**
Misaotra Andriamatoa Filoha nanome fitenenana.

Miarahaba antsika mpikambana ao amin'ny birao maharitra.
Manolotra arahaba ihany koa an-dRamatoa Minisitra sy ny teknisiana miaraka aminy ary miarahaba antsika Solombavambahoaka namana rehetra.
Fanontaniana vitsivitsy no tiako hapetraka.
Voalohany indrindra mikasika ny andininy faha-11 izay mametraka hoe, manova ny andininy faha-51 ao amin'ny lalàna teo aloha ka mametraka ny "autorité nationale de régulation de la communication médiatisée". Azo fantarina ve, Tompoko, inona no "statut juridique autorité nationale de régulation de la communication médiatisée". Apetraka izany satria raha mijery ny antontan-kevitra ny tenako, raha ohatra ka mijery ny "autorité de régulation du marché public", hita fa "établissement public" io EPA io raha tsy diso ny fahalalako azy. Ny "autorité de régulation»-n'ny «TELECOM» na «ARTEC» dia "établissement public" ihany koa, ka tiako ho fantatra ny "statut" eritreretina amin'ity "autorité de régulation" ity raha azo lazaina.

Fanontaniana ao amin'io andininy faha-51 io ihany, ao amin'ny andininy faha-51 bis misy ao amin'ny tsipika faha-5 mametraka hoe ity ANRCM ity anisan'ny asa ankinina aminy ny "égalité de traitement entre les opérateurs de presse de communication de publicité et de cinématographie". Ianareo ao amin'ny Minisitera raha tsy diso ny tenako, mikasa hametraka na efa nametraka, tsy naharaka vaovao loatra aho; aiza ho aiza ny fifandraisan'ny ANRCM sy ny ISSM eo amin'io teboka mikasika ny fanaovana sarimihetsika io.

Manaraka tiako hapetraka any amin’ny andininy faha-40 izay manitsy ny andininy faha-126, mikasika ny atao hoe “couverture nationale”, voalaza ato fa “couverture nationale est reconnu à tout les médias publics et privés sous reserve de leur basculement vers le mode de transmission TNT et à la législation afférente”. Tsy dia mahay momba ny resaka lalàna amin’ny serasera ny tena ary tsy teknisiana ihany koa ka mametraka fanontaniana hoe, ny “station radio” ve tokony hirona any amin’ny TNT vao afaka hisitraka ny fahalalahana manao “couverture nationale”.

Izay no fanontaniana avy atỳ amiko.

Eto ampamaranana, miarahaba ny Minisitera nanolotra an’ity volavolan-dalàna ity ary mahita tokoa fa tombony ho an’ny asa fanaovan-gazety no entinareo eto, indrindra amin’ny teboka farany araka ny efa voalazako teo momba ny “couverture nationale”. Efa nandrandrain’ny maro na ianareo mpanao gazety na izahay mpanara-baovao sy amin’ny lafiny maro hafa ihany koa izy ity ka mankasitraka ny fanoloranareo ity volavolan-dalàna ity.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson dit Tano.

**Andriamatoa RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome fitenenana.

Faly miarahaba anareo eny ambony pilipitra ary miarahaba an-dRamatoa Minisitra sy ny teknisiana miaraka aminy.

Raha mikasika an’ity asa fanaovan-gazety ity, araka izay efa voalazan’ny namana teo; zavatra mafy anefa izy ity satria efa niadivantsika mafy tamin’ny fepotoam-piasantsika teo aloha ary tena anisan’ny tolona mafy natao. Amiko, izao no fotoana tokony andaniana azy ka izay voahitsin’ireo mambran’ny vaomiera tao aoka hoekentsika raha mety, afahantsika manatanteraka izany. Raha ohatra ka izay tapaka tany amin’ny Filankevitry ny Minisitra no hatao manentana antsika Solombavambahoaka koa handany fa efa mafy ny tolona teo aloha.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka hajaina RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine.

**Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine**
Misaotra Andriamatoa Filoha.

Miarahaba an-dRamatoa Minisitra sy ny ekipany.
Fanontaniana tsotra fotsiny no hapetrakosatria, tena mazava tsara ity volavolan-dalàna ity fa mitovy amin’ny fanontanian-dRamatoa Solombavambahoaka hajaina JOHASY Eléonore

manao hoe ny "station radio" ve tsy maintsy mivadika any amin'ny TNT. Mila fanazavana kely ihany koa io fa ohatran'ny tsy mazava tsara.

Faharoa, tena efa mihatra ve ny "cybercriminalité" fa ohatran'ny tena mbola maro ihany ny zavatra hita ary tena mampihorin-koditra mihitsy.

Misaotra indrindra, Tompoko, izay ihany ny fanontaniana.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenanana manaraka ny Solombavambahoaka hajaina TSABOTOKAY Honoré.

**Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré**
Misaotra Andriamatoa Filoha nanome ny fitenenana.

Ity lalàna ity raha ny tantara nataon-dRamatoa Minisitra teo, mbola "rapporteur" ihany ny tenako tamin'izany ary anisany nitsipaka azy ity. Niala mihitsy mba tsy hifidy satria mpanao gazety ihany koa ny tena nahatsapa fa raha ny namana no voatohitohina tafiditra ao anatin'izany koa ny tena. Nahasarika anay niakatra teny amin'ny kianjan'ny 13 May izy ity satria voailikilika ny mpanao gazety. Nisy fitenenana tato hoe ny mpanao gazety maimbo helika, izahay mpanao gazety no nosoketaina tamin'izany. Raha mandinika azy ity izahay tany amin'ny asam-baomiera na ny tenako manokana no entiko miteny eto, anisan'ny zava-dehibe aminay any amin'ny faritra momba ny "couverture nationale".
Te ahita ny zavatra hitan'ny olona atỳ Antananarivo izahay, mba te aheno ny zavatra henon'ny olona. Tsy misy afa-tsy TVM ny any aminay, misy fiteny manao hoe raha vao tapaka io ohatran'ny maso tokana nodiavin-tory izay nodiavin'amontana ka tsy mahita intsony, irarianay ny handaniana azy ity satria zava-dehibe tokoa.

Faharoa, mikasika ny resaka famonjana sy resaka lamandy, tena marina izany, na ariary aza mahasolafaka heverina fa sazy no anarany izay. Mpanao gazety ny tenako niaina an'izany tamin'ny 23 Septambra 2007, nosamborin'ny fanjakana, miala tsiny Andriamatoa Fidèle RAZARA Pierre fa hevitra fotsiny no nahatonga anay nanao an'izany dia sazy daholo ny anarany ka nihatra taminay. Raha ny asa fanaovan-gazety toy ny tetezana, manana hery lehibe amin'ny fampitana ny zavatra hitsikilovana amin'ny resaka "investigation" natao. Isaoraka ny fanjakana amin'izao fotoana izao namela tanteraka ny asa fanaovan-gazety halalaka. Koa raha tiantsika ny handroso sy ho tsara fijery eo anatrehan'izao tontolo izao, ity lalàna ity no anisan'ny hametraka antsika amin'izany toerana izany. Misarika antsika aho mba hijery akaiky ary hampandany azy ity satria tena zava-dehibe ho an'ny taranaka fara-mandimby sy ireo mpanao gazety any aoriana.

Misaotra indrindra, Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka hajaina ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien.

**Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien**
Misaotra anao, Andriamatoa Filoha, nanome fitenana.
Miarahaba anao manokana, Ramatoa Minisitra sy ireo teknisiana miaraka aminy ary isika mpanao gazety.

Raha ny mpanao gazety no lasa Solombavambahoaka, miaritra an'ireny zavatra betsaka ireny ary naharaka tsara ny ady notantarain'ny Ramatoa Minisitra ireny. Anisan'ny safidiko voalohany ho ato anatin'ity serasera ity satria tiako fantarina bebe kokoa ny mikasika ny "code de la communication" ity. Miantso ny Solombavambahoaka ny tenako mba handany an'ity lalàna ity, raha mamaky tsara isika tsy manao am-pihimamba ny Minisitera fa somary misitaka amin'ny ANRCM izay fahafahana mahazo "licence". Rehefa misy olana eto amintsika mikasika ny raharaham-pirenena, maro ny haino aman-jery tsy mitovy hevitra amin'ny fanjakana hany ka tsy mahazo "licence" fa izay manohana ny fanjakana ihany no mahazo na dia taratasy iray fotsiny aza no karakaraina. Raha haino aman-jery somary sahirana amin'ny ara-kevitra takiana daholo izao karazana taratasy rehetra izao vao mahazo "licence" raha ahazo aza.

Anisan'ny nahafinaritra ahy izy ity, Ramatoa Minisitra, nandinika izahay fa zava-dehibe ny "engagement" nataonao. Izany hoe, tsy mieritreritra ho Minisitra foana ianao amin'ny andro iainanao fa mijery ny amin'ny maha mpanao gazety. Isaorana anao sy ny mpanao gazety ary ireo namana mpiara-miasa aminao sy ireo teknisiana miara-miasa aminao izany.
Raha jerentsika ity ANRCM ity, enina ny tsy miankina anisany ny ODIM, izay avy amin'ny "public", izany hoe tena mametraka ity Minisitera ity hanome fahalalahana ny mpanao gazety mihitsy. Raha hoe tsy azo gadraina ny mpanao gazety, arakaraka ny lalàna kosa angamba izany fa rehefa misy ny tsy mety na tratra ambodiomby na izahay Solombavambahoaka aza anie misy "unanimité parlementaire" fa rehefa manao ny tsy rariny na mamono olona mety migadra ihany.

Miantso antsika Solombavambahoaka rehetra satria raha namakafaka tato izahay, ao ny namana RAZARA Pierre izay anisan'ny nanao tsikera be dia be fa rehefa tonga tany amin'ny farany ka nahita ny fahamarinana nanangan-tànana izy hoe aleo holaniantsika ato izy ity. Noho izany, manentana antsika Solombavambahoaka hiaraka hanangan-tànana handany an'ity "code de la communication" ity.

Misaotra indrindra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka hajaina RATSIVAHINISOLO Andriniony.

**Andriamatoa RATSIVAHINISOLO Andriniony**
Misaotra anao, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba an-dRamatoa Minisitra sy ny ekipa miaraka aminy.

Nahafinaritra, Ramatoa Minisitra, ny teninao teo nilaza taminay hoe mety amin'ny fitondram-panjakana miaraka aminao raha ohatra ka ny volavolan-dalàna nisy teo aloha no hatao. Mahafaly satria isika ao anatin'ny fitondram-panjakana, vonona tena hitondra fanovàna ka tena hampanjaka ny demokrasia.

Afaka miteny malalaka ny mpanao gazety tsy misy mpanelingelina intsony, raha malalaka loatra indray mety hisy ny hihoa-pefy ka eo no mety hanahirana hoe hatraiza no azo ambara hoe tena mihoa-pefy ny mpanao gazety. Inona no sazy tokony homena azy satria efa afaka miteny ny zavatra izay tiany hotenenina rehetra izy, anefa tsy tokony hiteniteny foana.

Faharoa, mikasika ny “cyber criminalité”, ohatran’ny mbola tsy hita taratra ny fisian’izy io satria raha eto an-tanindrazana no misy manao ny tsy mety ho hitantsika eo ny ataony, fa ny sasany anie, tena lazaiko aminareo, mihoatra lavitra ny tokony ho izy ka eo no hisaritana ny saintsika hoe inona ny fepetra horaisintsika. Manodinkodina ary mampikorontana ny fisainan’ny mpanao “internet” ny zavatra izay lazain’izy ireny ka tsara raha jerena akaiky. Misarika ny Solombavambahoaka namana ny tenako handany an’ity volavolan-dalàna ity satria tena mahasoa ny asa fanaovan-gazety izy ity.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka hajaina RANDRIAMANAMPISOA Alfred.

**Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred**
Miarahaba, Andriamatoa Filoha;
Miarahaba ihany koa anareo Birao Maharitra;
Miarahaba ny Solombavambahoaka rehetra ato anatin’ity trano ity;
Miarahaba anao, Ramatoa Minisitra sy ny teknisiana miaraka aminao.

Ato amin’ny andalana faha-4 no itondrako ny fanontaniako, hitako hoe somary ngezangeza ihany momba ny tombony omena eny amin’ny Fadintseranana sy eo amin’ny lafiny ara-ketra ho an’ny mpanao gazety amin’ny fanafarana entana, misy ifandraisana amin’ny asa fanaovana gazety ve izany. Raha ny fijeriko azy lasa ngeza be loatra ny fehezana ka tokony hodinihanareo ao amin’ny Minisitera hoe inona sy inona avy ny zavatra azon’ny mpanao gazety afarana avy any ivelany satria tsy tokony hadinoina fa isika eto Madagasikara somary araraotin’ny olona amin’ny fotoana izay afahany manao hampiasany io fitaovana io.

Faharoa, Ramatoa Minisitra, misy ao amin’ny lamandy nolazaina teo ny vola 1 000 000Ar sy 6 000 000Ar, io angamba mety hoe any amin’ny fitsarana no mamaritra raha tsy diso aho satria arakaraka izay zavatra nataon’olona tsirairay avy no aloany, raha ho an’ny mpanao gazety manokana. Fa ny zavatra hitako, ny “version originale”, nankatoavin’ny “version amendé” ka noho izany mino aho fa isika Solombavambahoaka olon-kendry ka tokony hampandany an’ity lalàna nahitsinareo ity.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA.**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka hajaina RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle.

**Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle**
Miarahaba anareo avy ao amin'ny Minisitera izay tarihin'ny Minisitra,
Miarahaba ny teknisiana izay niara-niady hevitra taminay teto tamin'ny asa-baomiera.

Ho antsika Solombavambahoaka namana, nanomboka tamin'ny 9 ora sy sasany, maraina, teo angamba izahay no tato niasa tamin'ity lalàna mifehy ny searasera ity, sakafo no nampiparitaka anay teto ka niverina indray ary tamin'ny 6 ora, hariva, vao niala teto. Raha ny tiako tenenina ao anatin'izay, adihevitra ngeza be no nandeha tato tsy arakaraky ny isanay nivory.

Raha ohatra ka atao ny fifandanjan-kery tamin'ny isan'ny Solombavambahoaka tato anatin'ny vaomiera, "3 contre 2" izahay. Anton'izay, ny Filohan'ny vaomiera IRD no mambra miisa roa, ny iray MMM ny iray IRD izaho no mpanohitra tao anatiny ary Solombavambahoaka TSABOTOKAY Honoré izany amin'ny maha mpanao gazety azy no tsy tao anatin'izay firehana izay. Tiako tenenina amin'izany, na teo aza ny adihevitra nisy zavatra tato nahitsinay tao anatin'ny vaomiera na tsy nifandanja ny hery, fa matoa voahitsy nitovy ny fomba fijerin'ny Solombavambahoa izay sady mpanao gazety manolona ity lalàna ity.

Raha ny zavatra no misy ady sahala, manangan-tànana ny Filohan'ny vaomiera manazava avy eo mizotra mankany izy na notoherina aza. Nosoratan'ny mpitantsoratra ao, nisy nanda ny tao anatin'izay mikasika ny fampandaniana an'io andininy amin'ity lalàna ity io. Misintona ny saintsika Solombavambahoaka aho manao hoe, nisy zavatra tao nahitsinay vaomiera ary adihevitra be mihitsy, raha izay fifandanjan-kery izay raha ohatra ka ny firehana ara-politika mifehy ni jerena tao anatin'ny adihevitra, tokony tsy hisy voakitika mihitsy ny nanaovan'ny Minisitera azy.
Matoa ity misy voakitika, misy fomba fijerin'ny mpanao gazety sady Solombavambahoaka izay miaina an'ity zavatra ity any anatin'ny asa ataony. Manentana antsika Solombavambahoaka handany azy ity, amin'ny endriny nasian'ny vaomiera fanitsiana. Antony, tena fikaonan-doha lehibe no nataonay tao satria azo lazaina fa ny Solombavambahoaka niady hevitra tao mahafehy tsara ny asan'ny teknisiana avy any amin'ny Minisitera sy ny asan'ny serasera ary tontolon'ny fanaovan-gazety. Izay zavatra izay no tiako hotsindriana mafy, tsy hoe akory miandany amin'ny asa fanaovan-gazety izahay tao anatin'izay zavatra izay fa mahatsapa sy mahafantatra ny madilana tokony hotetenina tao anatin'ity lalàna ity ary nifandresy lahatra mafy mihitsy tamin'ny fanovàna sy ny fanitsiana izay tokony azo nahitsy ka nahatongavany any amin'ny "version" farany novakiana tamintsika teo.

Saingy na izany aza, misy zavatra hisontomana ny sainareo ao amin'ny Minisitera, tokony hifamatorantsika izany satria rehefa mivoaka ity tatitra ity fa tsy hitako ato antin'ity tatitra ity ny mikasika ny ANRCM.

Mikasika ny isa enina sy fito izay noresahana teo, tiako ho henon'ny Solombavambahoaka namana eto; tsy teny an'ny Minisitera ihany io fa hisy fifidianana hatao hisian'ny solotena avy amin'ny TVM sy RNM ao anatin'ny ANRCM. Nangataka izahay hoe aleo ampitomboina roa avy amin'ny onja-peo sy ny televizionina tsy miankina saingy notsindriana tao momba ny hoentimanana.

Nanao fanamarihana ny Solombavambahoaka momba ny solotenan'ny TVM sy RNM, nanazava ny teknisiana hoe aza matahotra ianareo fa ireo olona izay misolotena ny TVM sy RNM tsy ny Minisitera no hanendry fa fidina ohatran'ny mifidy delegen'ny mpiasa ka izy ireo no mifidy izany. Izay zavatra izay mba tiako hotsindrina tsara ato anatin'ity resaka solotenan'ny TVM sy RNM ity araka ny asa izay nataontsika teto satria fidina fa tsy tendrena. Izay no mahasamihafa io isa io ao amin'izay ho mambran'ny ANRCM.
Manainga antsika Solombavambahoaka hifidy ny "version" efa nasiana fanitsiana tato anatin'ity resaka lalàna mifehy ny serasera ity.

Misaotra indrindra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka hajaina ZAFINANDRO Perle Bien Aimée, voafidy tao Taolagnaro.

**Ramatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anareo ao amin'ny Birao Maharitra;
Miarahaba an-dRamatoa Minisitra sy ny mpiara-dia aminy;
Miarahaba antsika Solombavambahoaka sy isika rehetra manatrika eto.

Miresaka an'ity zavatra ity aho fa somary tara, hitako ny ankamaroan'ny namanay ohatran'ny manaiky daholo ny hifidy azy, tiako ampahafantarina fa hifidy koa ny tenany. Antony nangatahako fitenenana, misy zavatra hitako roa na telo mikasika ny haino aman-jery; tsy fantatro ianareo ao anatiny ao raha mahafantatra an'izay zavatra izay, raha ohatra ka misy diso avereno atỳ amiko.

Voalohany indrindra amin'ny resaka TVM, hitantsika any amin'ny "facebook", ataoko angamba fa tsy izaho irery no nahita an'izay zavatra izay ary tena voaresaka matetika fa hoe izao TVM izao lasa televiziona ho an'ny Merina, izay no anarany amin'izao, tokony hojerena akaiky izany. Televiziona ho an'ny Malagasy ny TVM, dikan'izay tokony hita taratra ao daholo ny karazana gasy rehetra misy eto Madagasikara eto fa tsy vao hijery Televiziona tonga dia manana "impression" ny olona miteny hoe an'Antananarivo io fa tsy an'ny Malagasy tsy vakivolo, mila fanitsiana raha marina ny feo mandeha.

Mitodika amin'ny mpanao gazety tsy miankina aho, tsara ny demokrasia fa raha "trop de démocratie tue la démocratie" hoy ny fitenenana, marimaritra iraisana no ezaka tsara hatao hanasoavana ny zavatra hatao. Raha ny mpanao gazety mpampiasa "caméra", matetika tsy ny zavatra tsara no havoakany fa hitady lesoka hoe iza no Solombavambahoaka somary mierotrerona na hoe nanao zavatra toa izao havoaka amin'ny haino aman-jery. Ataoko angamba fa tsy izay mihitsy no tanjona hanaovana gazety sy hisian'ny televiziona fa hanatsarana zavatra eto amin'ny tany sy ny Firenena.

Marina fa raha misy zavatra tsy mety tokony ahitsy, ianareo ihany no tena mahalala ny marina sy ny ratsy ao anatin'izay ka afaka mampahafantra anay ny momba izany.

Ianareo manaratsy anay Solombavambahoaka, tsy misy ny maharatsy an'izay raha ohatra ka mitombina ny kiana. Rehefa manao an'izay ianareo, azafady mba manontania ihany aloha, ataovy ny fanadiahadiahana ary mandania fotoana hoe maninona ny Solombavambahoaka no mitaky an'izao rehetra izao na koa hoe inona no mahatonga azy ireo manao resaka toa izao, amin'izay fotoana izay ianareo vao afaka manao kiana; fa ny anareo hafa ny resaka voizinareo sy ataonareo sary, tsy fantatra ny ao ambadika, dikan'izay mitongilana ianareo ary manana eritreritra hanaratsy fa tsy hanatsara zavatra.

Mampita hafatra ihany avy any aminay any ihany koa ny tenako satria fantatro fa hisy an'ity fivoriana mikasika ny fanaovan-gazety ity, nanafatra ny any nanao hoe raha mahita an-dRamatoa Minisitra ianao mba mangataka ny fotoana fandefasana vaovaom-paritra sy ny karazany taloha ho lavalava satria lasa fohy ka lasa tsy tafita ny vaovao rehetra izay tokony hampitaina. Rehefa mandeha ihany koa ny vaovao, lasa mihemotra herinandro na 10 andro vao alefa any aminay, miangavy raha misy koa fanitsiana azo atao amin'izay zavatra izay ary ny vaovao tokony handeha amin'ny fotoana tena izy.

Farany, Ramatoa Minisitra, mitaraina ihany koa ny mpanao gazety any aminay any satria ny fitaovana entin'izy ireo miasa efa ratsy daholo, mba iangaro kely "Fort-Dauphin", omenareo "caméra" ry zareo fa tena mahantra ka tsy afaka manatanteraka ny asany.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA.**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka hajaina RAKOTONDRASOA Fetra.

**Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra**
Misaotra indrindra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Manantitra ny fiarahabana ho antsika vahiny tarihin-dRamatoa Minisitra sy ny ekipany rehetra;
Manantitra ny arahaba ho antsika Solombavambahoaka namana rehetra.

Andriamatoa Filoha, sady Filohan'ny Vaomiera, rehefa mandinika an'ity raharaha ity izahay mijoro etoana izay mpanao gazety ihany koa. Iverenako kely ny resaka nataon-dRamatoa Minisitra teo, efa nandritra ny 1 239 andro raha ohatra ka mivoaka ny gazety rahampitso no nidiran'ny mpanao gazety sy ny sehatry ny serasera matihanina amin'ny hanafoanana na hanatsarana ny lalàna mifehy ny serasera izay namoy io fahalalana io. Tsy hiverenako ny tantara fa ny tiako hisariana ny saintsika Solombavambahoaka, isany noraisina am-po indrindra ireo namana mpanao gazety izay miantsehatra any an-tsaha rehetra any manangona vaovao isan'andro isan'andro, manolotra sy mitatitra izay vaovao izay ho an'ny vahoaka Malagasy na firehana inona ny misy azy na firehana inona, handany ity lalàna ity isika.

Faharoa manaraka an'izay, lalàna efa nodinihinay tao anatin'ny vaomiera mametraka ny mpanao gazety ho tsy maty manota na mijanona ho olom-pirenena tsotra ary mijanona ho ambanin'ny lalàna eo amin'ny sehatra misy azy.

Tsy manome vahana ny fanjakan na ny mpanao politika hanao an-tery sy hanao tsindry hazo lena ny mpanao gazety izay tsy mitovy firehana aminy ity lalàna ity. Misy andinin-dalàna maro ao manasazy ny mpanao gazety raha nangalatra akoho na omby azo tsaraina araka ny lalàna mifehy azy. Raha noho ny fanehoan-kevitra na ny tsy fitovizan'ny hevitra avy amin'ny vaovao izay navoakany ka mety manohitohina ny mpanao politika na mpitondra fanjakana no zavatra tsy eken'ity lalàna mifehy ny serasera ity. Misy kosa ny sazy na lamandy tsy maintsy aloan'ny orinasa an-gazety raha tena voaprofo marina fa tsy nanaraka ny fenitra famoahana ny laha-tsoratra na vaovao ny asa nataon'ny mpanao gazety iray.

Andriamatoa Filoha, te-hisaotra ny asam-baomiera aho satria nisy tokoa ny adihevitra hanafahana, na vitsivitsy aza izahay tao anatin'izany asam-baomiera izany; satria araka ny lalàna mifehy antsika ato anatin'ny Antenimierampirenena mbola azo iadian-kevitra ary azo iverenana izay madilana hotenenina tao anatin'ny asam-baomiera. Te-hisarika ny saintsika Solombavambahoaka aho eto, tsy natao ho an'ny mpanao gazety irery ihany ity lalàna ity fa natao ho an'ny vahoaka Malagasy izay miandrandra fitovian-jo amin'ny fahazoana vaovao matihanina sy marina manerana an'i Madagasikara. Tsy natao ho an'ny vahoaka Malagasy sy ny mpanao gazety irery fa natao ihany koa ho an'ny tompon-gazety isan-tokony izay miasa sy miantsehatra ary mampiasa ny volany amin'io sehatry ny "communication mediatisée" io.

Manentana ny namana mpanao gazety aho mba hijery ireo andininy ary hazoto hiady hevitra raha ohatra ka mbola misy ny adihevitra tokony hatao, na izany aza tsy misy ny tonga lafatra na niady mafy aza izahay tao amin'ny vaomiera. Mangataka, Andriamatoa Filoha, andao harosontsika ny adihevitra amin'ny isan'andininy sao mbola misy iadiana hevitra ao anatiny ao.

Misaotra Andriamatoa Filoha;
Mankasitraka Tompokolahy;
Mankatelina Tompkovavy.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka hajaina VELONTSARA Paul Bert.

**Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.
Miarahaba Ramatoa Minisitra.

Miditra amin'ny andininy faha-20 aho, ialako tsiny raha ohatra ka somary taratara aho; lany nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna izy ity. Rehefa mijery ny tovana andalana faha-7 mikasika ny "peine et amende", ao amin'ny "version originale" misy "fourchette" 3 000 000 Ariary hatramin'ny 6 000 000 Ariary. Ao amin'ny "version amendée" indray misy "fourchette" 1 000 000 Ariary hatramin'ny 6 000 000 Ariary. Raha ny hevitro, tsy ekeko io "version amendée" io satria raha misy manao an'io sazy io ny mpanao gazety afaka mandoa vola amin'ny mpitsara, ohatra 1 600 000 Ariary. Tao amin'ny "version originale" anefa manomboka amin'ny 3 000 000 Ariary, ohatran'ny nalefahantsika io lamandy io ato ary maniraka mpanao gazety hanao adalana izany. Izay no mahatonga ahy tsy manaiky io "version amendée" fa aleo ny "version originale" no hajanona eo mba tsy eritreretan'ny mpanao gazety hanao izay hadalana izay.

Raha izay no zava-misy, lasa isika Solombavambahoaka indray no manome alalana ny mpanao gazety hanao ny tsy mety satria namaivanintsika ny lalàna. Hafahafa ny fandraisan'ny vaomiera fanapahan-kevitra ka amiko tsy mety izany, tazomina ny "version originale" raha ny hevitry ny Solombavambahoaka VELONTSARA Paul Bert.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka voafidy tao Belo sur Tsiribihina. Aorian'izany, satroka Solombavambahoaka RAKOTONDRASOA Fetra.

**Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot**
Misaotra nanome fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ary ireo Solombavambahoaka namana
Miaarahaba an-dRamatoa Minisitra sy ny mpiara-dia aminy.

Marina fa tsy fivoriambe mikasika ny «questions et réponses» androany, ho araraotiko eto sahady, Ramatoa Minisitra, satria simba ny "émétteur"-nay ao Belo sur Tsiribihina ka tsy mahita TVM izahay any.
Raha ity volavolan-dalàna natao ity no resahana mandany an'ity ny tenako.

Misaotra indrindra Tompoko.

**Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra**
Misaotra indrindra, Andriamatoa Filoha.

Anaovako satroka eto, mangataka ny hidirantsika amin'ny fandaniana isan'andininy mba ahafahana miroso sao misy adihevitra momba izany raha toa tazomina na hisy fanovàna. Izay no antony nanaovako satroka teo satria efa manomboka miditra amin'ny isan'andininy ny Solombavambahoaka sasany.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka RASOAMALALA Honorine.

**Ramatoa RASOAMALALA Honorine**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome fitenenana.
Miarahaba anao, Andriamatoa Filoha,
Miarahaba, Ramatoa Minisitra sy ny teknisiana ary ireo Solombavambahoaka namana.

Resy lahatra amin'ity volavolan-dalàna ity ny tenanay fa ny "balise" no tsara ho jerena kely. Manararaotra ihany satria tsy afaka mihaona firy amin-dRamatoa Minisitra. Ny "émétteur"-nay ao amin'ny Distrikan'Ambohimahasoa efa tany amin'ny taona 1976, isaky ny migodona ny varatra dia simba ka rehefa alefa atỳ aminareo toa miverina amboarina foana. Mangataka mba ho soloina vaovao ny "émétteur" TVM sy ny RNM ao Ambohimahasoa.

Tsy manana “caméra” ihany koa ny mpanao gazety anefa io no fitaovana ifampitam-baovao haingana any Distrika misy anay.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Manao satroka ny Solombavambahoaka TSABOTOKAY Honoré, aorian’izay satroka izay mandray fitenenana ny Solombavambahoaka hajaina MASY Goulamaly Marie Jeanne D’arc.

**Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré**
Andriamatoa Filoha, lasa miditra amin’ny tora-po izy ity no sady efa noana ny Solombavambahoaka ka mety hivoaka ary ny hiafarany fito sisa no handany azy rehefa avy eo. Efa nisy tolo-kevitra nentin’ny Solombavambahoaka RAKOTONDRASOA Fetra teo, andao hotapahintsika amin’ny alalan’ny tsangan-tànana aloha izay fanapahan-kevitra izay, mety sa tsy mety fa lasa mandany fotoana miverimberina amin’ny zavatra iray anefa ny fotoana mandroso.

Misaotra indrindra, Andriamatoa Filoha.

- Tabataba -

**Andriamatoa FILOHA**
Omentsika fitenenana aloha ny Solombavambahoaka MASY Goulamaly Marie Jeanne D’arc, manaraka azy ny Solombavambahoaka TSIKIVY Adrien sy ny Solombavambahoaka RAFIDIMANANA Narson ary mamarana azy ny Solombavambahoaka DINAH Romual. Rehefa izany, hiroso amin’ny fanapahan-kevitra isika.

**Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D’arc**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anareo mitarika eny aloha,
Miarahaba anareo Solombavambahoaka namana,
Miarahaba anao, Ramatoa Minisitra sy ny teknisiana rehetra.

Mikasika ity lalàna ity, tsy manana ho resahina ny tenako fa handany satria hita tokoa ny lafiny mahatsara azy noho ny fanitsiana nataon’ireo Solombavambahoaka sady mpanao gazety ato amin’ny Antenimierampirenena.

Raha ny tena handraisako fitenenana eto Ramatoa Minisitra, efa matetika aho nangataka fihaonana taminao, hanontany mikasika ny “Radio informelle” izay nambaranareo satria izao no fotoana hampidirana azy ireo ho “formelle” sy hikarakarana ny taratasy rehetra momba izany. Manana “Radio” izahay ao amin’ny fikambananay izay mitondra ny anarana hoe AMM ao Tsihombe mba ho fanabeazana. Efa nanao fanandramana izahay fa efa najanona hanajanay lalàna, satria miainga avy amin’izay no afahanay manihy azy. Miangavy anao aho, Ramatoa Minisitra, hafaingano izay lalàna izay raha toa azo atao.

Misaotra indrindra.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka TSIKIVY Adrien.

**Andriamatoa TSIKIVY Adrien**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mbola te hiresaka momba ny teny nataon'ny Filohan'ny vaomiera teo ny tenako manao hoe, nodinihina lalina izy ity. Amiko nisy fitiavan-tena ny Mpanao gazety satria nesorin'izy ireo ny sazy fanagadrana raha vao miteniteny fahatany, avy eo mbola natao mora indray ny lamandy. Raha ny Solombavambahoaka TSABOTOKAY Honoré izay mpanao gazety, omeko vola asaiko hanaratsy an'ny Solombavambahoaka TSARADIA Marco, omeko 2 tapitrisa fotsiny izy handoavany lamandy, ataoko angamba fa milamina.
Tokony hojerentsika akaiky ity zavatra ity fa isika ihany no ho voa satria malalaka amin'ny zavatra tiany holazaina izy ireo ka mety hamely antsika.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana ny Solombavambahoaka RAFIDIMANANA Narson.

**Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mitondra fiarahabana ho an-dRamatoa Minisitra sy ny mpiara miasa aminy rehetra.
Ity lalàna momba ny «code de la communication» ity no anisan'ny neken'olona rehetra raha hoarina amin'ireo volavolan-dalàna tonga teto hatramin'izay. Neken'ny avy ao amin'ny vaomiera, ary androany isika mbola hanaiky ihany koa satria ny manodidina ahy eto mpanohitra kanefa izy ireo tsy nanohitra fa tena asan'ny mpanao gazety tokoa no dinihintsika eto.
Misaotra anao, Ramatoa Minisitra, nitondra azy ity eto amin'ny Antenimierampirenena.

Saika ho sintomiko ny fandraisam-pitenenako fa saingy tsy maintsy hiteny ihany aho. Antony, saika hiditra amin'ny isan'andininy isika, tsara ho fantatsika ihany anefa fa tsy manohitra ny tenin'ny Solombavambahoaka TSIKIVY Adrien teo aho momba ny fanenana sazy. Tsy anjarantsika Solombavambahoaka na ny Ministera no miteny ny sazy omena azy ireo fa "fourchette" no apetratsika. Eto aho, manohy ny teninareo teo hoe ny mpitsara no miteny izay sazy hiatra amin'izay manao ny tsy mety. Izao anefa, tsy nesorintsika tao ny sazy manomboka amin'ny 1 Tapitrisa Ariary ka hatramin'ny 6 Tapitrisa Ariary ary tsy nataontsika tao koa ny fanesorana lamandy 6 Tapitrisa Ariary fa ataovy manomboka amin'ny 1 Tapitrisa Ariary ka hatramin'ny 3 Tapitrisa Ariary. Tokony ho fantatsika Solombavambahoaka mandrakariva fa fahavalontsika foana ireo mpanao gazety ireo, ny mpitsara izay nianatra nandritra ny 3 taona taorinan'ny "maîtrise" no mandinika izany zavatra izany. Mametraka "balise" no tokony hataontsika Solombavambahoaka mikasika ity lalàna mifehy ny fanaovan-gazety ity.
Afaha miditra amin'ny isan'andininy amin'izay isika, misaotra indrindra Tompoko.

Misaotra, Ramatoa Minisitra, nitondra azy ity teto amin'ny Antenimierampirenena.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka DINAH Romual.

**Andriamatoa DINAH Romual**
Miarahaba an-dRamatoa Minisitra sy ireo mpiara miasa akaiky aminy.

Resy lahatra amin'ity zavatra ity ny tenako satria mitondra fanatsarana momba ny asa fanaovan-gazety satria ilain'izao tontolo ity asa ity fa tsy ho antsika eto Madagasikara irery ihany, heverik o fa misy antony lehibe izany.
Tsotra ny zavatra tiako ho tenenina, olona nianatra angamba ny mpanao gazety ary mino marina aho fa tany ampianarana izy ireo tsy nampianarin'ny mpampianatra hamoaka vaovao tsy mari-pototra fa ny marina hatrany. Mila fantatsika ny lojikan'izay zavatra izay satria tandindomin-doza ny asa fanaovan-gazety manoloana ny soratra hitan'ny vahoaka amin'ny gazety nefa zavatra tsy mitombina.

Miteny ny olona mahita lohaten-gazety hoe politika entina hamarotana gazety ihany io fa tsy marina na zavatra mety hitombina aza indraindray. Raha fanatsarana no tadiavintsika, hanomezan'olona hasina ny asantsika mpanao gazety, mila mitandrina ianareo mpamoaka vaovao tsy mari-pototra satria mety hanimba ny tontolon'ny fanaovan-gazety izany.

- Tehaka -

Hatramin'ny zavatra marina izay havoakanareo aza heverin'olona fa tsy marina foana raha ohatra ka tsy tonga saina amin'izany zavatra izany ianareo. Miangavy antsika mpanao gazety ho vaovao mari-pototra ary azo antoka no havoaka eny ambonin'ny gazety, raha hitady fanatsarana isika; mba tsy hanimba antsika satria ireo olona mitangorona mamaky gazety amin'ny sisin-dalàna ireo mijery hoe aiza ity tranga ity. Mividy gazety izy avy eo hijery io tranga, kanjo zavatra tsy mitombina no hitany, politika famarotana gazety ity, hoy izy ireo avy eo, izay no valiny. Simba ny asa fanaovan-gazety amin'izay fotoana izay.

Tsotra ny hamaranako azy, manakaiky ny sitrapon'Andriamanitra no atao hoe masina, koa rehefa miteny zavatra atao hoe masina, tsy eken'ny sitrapon'Andriamanitra ny fanalana baraka olona anankiray na maromaro amin'ny zavatra tsy mari-pototra. Iarahantsika mahalala fa rehefa misy olona nanao heloka na namono olona havoaka amin'ny haino aman-jery, takonana ny masony na marina aza anefa tsy mbola navoakan'ny fitsarana ny mahameloka an'iny olona iny. Tiako hatao lesona kely ho antsika rehetra izay zavatra izay.

Tany andalam-pandrosoana isika, matetika karamain'ireo mpifanandrina ara-politika hanalany baraka olona mifanandrina amin'izy ireo. Manampahaizana ianareo koa aoka tsy voarebirebin'ny olona amin'ny vola fa hajao ny tenanao sy ny fahalalanao mba ho manan-danja eo amin'ny fiaraha monina sy ny mari-pahaizana anananareo.

Farany Ramatoa Minisitra, isaorana ianao tamin'ny ezaka nataonao ary hitako amin'ny haino aman-jery izany. Nanatsara sy nanitsy tamin'ny lesoka rehetra hitanao mikasika ny asa fanaovan-gazety, Andriamanitra anie hanampy anao. Misy indro kely Ramatoa Minisitra, tsy manana "caméra" sy solosaina ireo mpiasatsika any Maroantsetra ka tokony homena izany hanatanterahan'izy ireo ny asany.

Efa nampidiriko tao amin’ny programan’ny CLD amin’ity taona ity io zavatra io fa tsy neken’ny Fanjakana raha ny resaka “informatique” no asiana teny. Koa mangataka izany ny TVM ao Maroantsetra fa sahirana tokoa amin’ny famoahana vaovao.

Misaotra Tompoko.

- Tehaka -

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka hajaina BAOFENO Micheline.

**Ramatoa BAOFENO Micheline**
Misaotra nanome fitenenana.

Andriamatoa Filoha sy ianareo mpikambana amin’ny Birao Maharitra, Ramatoa Minisitra sy ireo mpiara-dia aminy, ianareo Solombavambahoaka hajaina.

Voalohany, isaorana ny fahatongavanareo eto Ramatoa Minisitra. Raha ny ahy manokana, efa nazava ny fanazavan’ny namana rehetra teo mikasika ity volavolan-dalàna ity. Angamba tsy hiadiana hevitra intsony.ny handaniana azy avy eo. Ny ahy somary miala kely an’ity mihitsy satria fanatsarana mantsy no eritreretintsika izao, mikasika ny fandefasana sary mihetsika mamoafady amin’ny haino aman-jery, tena manimba ny zanatsika ireny zavatra ireny ka tokony hasiantsika fiheverena ihany ny mikasika ireny zavatra ireny.

Faharoa, ny fandefasana “film d’action mafia” ireny. Any aminay Nosy Varika azo lazaina fa nilamina taloha kanefa amin’izao fotoana izao lasa misy dahalo manafika amin’ny 7 ora, hariva, vokatr’ireo “film d’action” ireo ary ao anatin’io ry zareo no maka lesona. Lasa manimba antsika izay zavatra izay, ka tokony hasiantsika fieritreretena ihany ny hametrahana “censure” mikasika ireny fandefasana sary mihetsika ireny.

Fahatelo, manarараotra Ramatoa Minisitra satria efa imbetsaka ihany no niantso anefa tsy nety nahazo fotoana tany aminao. Faraidiny i Nosy Varika raha ny haino aman-jery no resahina. Ny “radio” aza zara fa misy, tsy misy fitaovana intsony ny fahitalavitra. Efa mba niezaka ny tenanay nitondra “émétteur” namboarina taty Antananarivo. Tonga tany simba indray. Tsy misy ny “décodeur”, niala vola am-paosy mihitsy aho nividy an’izany sy nandoa ny karaman’ireo mpiasa nanao “montage”. Efa nanao ezaka kanefa mbola tsy tafavoaka. Mangataka mba tsy ho faralahy intsony i Nosy Varika, jereo satria izahay efa mba naheno tamin’ny haino aman-jery ny fizarana “émétteur” vaovao ataonareo. Nanao inona loatra i Nosy Varika no atao faraidiny foana isaky ny fitondrana misy eto. Koa manantena izahay, Ramatoa Minisitra, fa hojerenao akaiky izany fangatahana ataonay izany. Ny mpiasa hatramin’izao na ny “délégué” mbola tsy voaray ho mpiasam-panjakana ary tsy mandray karama nandritra ny firy taona; tsy haiko intsony. Mitaraina mafy izy ireo tsy misy na “caméra” iray anjaran’i Nosy Varika. Rehefa misy lanonana ataonay, manafatra TVM any Mananjary sady mandoa ny tambin-karaman’izy ireo. Manantena ny fanampiana avy aminao, Ramatoa Minisitra.

Misaotra Tompoko!

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka MAMIHAJA Charlot.

**Andriamatoa MAMIHAJA Charlot**
Miarahaba anao, Andriamatoa Filoha.
Miarahaba an-dRamatoa Minisitra sy ny ekipa miaraka aminy tonga eto amin'ny Antenimierampirenenana.

Ny fanontaniako Ramatoa Minisitra amin'ity resaka ANRCM ity. Tena mahaleotena tanteraka io rehefa tafatsangana sa mbola ho lasa fialofan'ny Minisitera fotsiny. Ny ANRCM no asaina mandà kanefa ny fanapahan-kevitra miainga avy any an-tampony foana satria iaraha-mahalala fa sarotra be izany hoe manana faniriana hanangana "radio" tsy miankina izany amin'izao, indrindra fa izahay misehatra ato anatin'ny tontolon'ny zava-kanto. Mba te-hanana "radio" izahay any amin'ny toerana misy anay any mba ahafahanay manabe ny tanora, indrindra ny mpanankanto. Koa tsara, raha ny ahy manokana, mahaliana ahy ny mahafantatra ireo fepetra rehetra arahina raha te-hanangana "radio" indrindra ho anay mpisehatra amin'ny lafiny kolotsaina mba ahafahanay mitaiza tanora. Efa ankasitrahanay ny ezaka ataonareo amin'ny lafiny kolotsaina ankehitriny.

Ho anay any Mananjary manokana, Ramatoa Minisitra, misaotra indrindra fa anisan'ny manana fitaovana mbola mandeha tsara izahay ary manana trano voaaron'ny orana tsara ihany koa.
Mitaraina ireo mpiasa eo anivon'ny Minisitera izay tantananao satria efa roa sahady no nafindra toerana tato anatin'ny volana vitsivitsy. Mampalahelo, fa misy mpiasa mbola "contractuel", mamelom-bady aman-janaka kanefa nafindra toerana any amin'ny toerana tsy misy havany, ka lasa manofa trano kanefa izy taty Mananjary mbola nipetraka tamin'ny Ray aman-dReniny. Niezaka nifampiresaka tamin'ny Talem-paritrareo tany Manakara izahay. Namaly izy fa baiko avy taty amin'ny Minisitera no antony namindrana toerana ireo mpiasa ireo. Izy ireo izay efa ho 8 volana tsy nandray karama anefa terena hifindra ao anatin'ny fotoana fohy. Tafiditra ao anatin'io fifindrana toerana io i Eric, mpiasanareo tao Mananjary. Amin'ny maha Solombavambahoaka anay no isoloako vava azy ireo. Hoy izahay hoe sao mba efa lasa mpiasa raikitra izy ireo vao tokony hafindra satria asa no notadiavina kanefa fahasahiranana indray no hita. Ianao tsy mandray karama kanefa afindra toerana maika. Mba jereo akaiky izay zavatra izay.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra antsika Solombavambahoaka nandray fitenenana.

Miombona sy mirona amin'ny fandaniana ity volavolan-dalàna ity ny ankamaroan'ireo nandray fitenenana teo raha ny fahitako azy. Koa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isika raha sitrakareo. Alohan'izay anefa, omena satroka ny Solombavambahoaka RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle.

**Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Nisy zavatra notenen'ny Filohan'ny Vaomieran'ny Serasera teo hoe: hodinihantsika isan'andininy ity volavolan-dàlana ity kanefa, Andriamatoa Filoha, mba hahatsara kokoa ny hanaovantsika azy; betsaka ny fanontaniana nentin'ny Solombavambahoaka teo. Raha mety, aleo hamaly ny Minisitra alohan'ny hidirantsika amin'ny isan'andininy satria tokony tsy ho tapatapaka, fa mitohy rehefa miditra amin'ny isan'andininy. Mety hisy hadino ny fanontaniana raha amin'ny farany vao hamaly ny Minisitra satria hafampana ny adihevitra amin'ny isan'andininy.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra anao.
Satroka ny Solombavambahoaka RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien.

**Andriamatoa RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien**
Mitovy hevitra amin'izay ihany, Andriamatoa Filoha, satria lasa tara be isika. Izahay rehetra ato efa miombon-kevitra amin'ny fandaniana ity volavolan-dalàna ity. Ataovy haingankaingana amin'izay, fa mbola misy fandaharam-potoana hafa isika avy eo.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Mbola manana satroka ny Solombavambahoaka TSABOTOKAY Honoré.

**Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré**
Andriamatoa Filoha, mbola ho ela isika raha hiandry valim-panontaniana avy amin-dRamatoa Minisitra izany, fa mbola ho avy ny fandaharam-potoana momba ny "questions-réponses"amin'ny Alakamisy. Koa tsara raha amin'izay isika vao mamoaka ny hetahetantsika. Andao isika hiroso amin'ny isan'andininy, fa ity no tena asa ataontsika.

Misaotra indrindra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**
Hiroso amin'ny isan'andininy isika; na izany aza omentsika fitenenana Ramatoa Minisitra sao misy hambarany tamin'izay rehetra izay.

**Ramatoa RAKONTONDRAZAFY Lalatiana Andriantongarivo, Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina**
Misaotra Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Filoha,
Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra,

Isika Solombavambahoaka namana rehetra izay manatrika eto.

Misaotra indrindra amin'ny fanontaniana, fanamarihana ary fampitana ihany koa mikasika ireo olana samihafa amin'ny TVM sy ny RNM amin'ny Distrika misy antsika tsirairay avy any.

Eto am-piandohana aloha, ialako tsiny raha ohatra hoe nangataka fihaonana saingy tsy mbola voaray. Tsara ihany no ilazako, Andriamatoa Filoha sy ho antsika rehetra, fa nandefa taratasy taty amin'ny Antenimierampirenenana aho. Heveriko angamba fa voarain'ny teo anivon'ny Sekretera Jeneraly izay. Mametraka fa isaky ny Talata maraina izahay ato amin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina no mandray manokana antsika Solombavambahoaka na tsy nangataka fihaonana aza, ka tonga ny Talata maraina dia raisina avy hatrany ianareo Solombavambahoaka.
Azo hamarinina ao amin'ny Sekretera Jeneraly angamba izay, fa izaho no anisany namaly voalohany an'izany taorian'ny fandalovan'Andriamatoa Praiminisitra teto, ka nanaovantsika izay fanamarinana izay. Mety tsy voatery hamonjy ny toerana misy anareo tsirairay avy any aho fa ity ny laharan'ny finday ahazoana ahy: 034 11 000 11. Azontsika antsoina tsy misy olana mihitsy io laharana io.

Andriamatoa Filoha,
Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra,
Isika Solombavambahoaka namana.

Raha sitrakareo, hovaliako tsirairay ny fanamarihana na fanontaniana na fangatahana na fanampiana fanazavana mikasika ireo teboka samihafa izay nentintsika teo.

Andriamatoa Solombavambahoaka HENRI Jean Michel, miteny mikasika hoe: inona no karazana "balise" na karazana arofanina apetratsika mba tsy hisian'ny fandikan-dalàna ataon'ny mpanao gazety eo amin'ny asany satria marina loatra ary sarobidy ny manana zo fototra. Izay mihitsy no noteneniny teo "droit fondamental" sy "liberté fondamentale" amin'ny maha olom-pirenena antsika tsirairay avy.
Izahay ao amin'ny Minisitera, Tompoko, sambany no namoaka ao anatin'ity lalàna ity ny atao hoe: "protection à la vie privée" ary ny «protection de droit à l'image» izay tsy mbola nisy an'izany raha tsy ity lalàna izay holanintsika ity; fa na ianao Solombavambahoaka aza; na mety atao hoe «personnalité publique» aza ianao; tsy anjaran'ny mpanao gazety ny miresaka ny fiainanao manokana na mamoaka ny sarinao miboridana. Miala tsiny fa tsy asan'ny mpanao gazety izany, tsy anjaran'ny mpanao gazety ny miresaka ny fiainanao manokana amin'izay mety vadinao na ny fiainanao manokana.

Izay no anisan'ny fanavaozana goavana ao anatin'ity lalàna ity ary izahay no sahy nanao an'izany.

Mitovy amin'izay koa ary izay no anisan'ny adihevitra hoentina eto amintsika amin'ity lalàna ity satria azon'Andriamatoa Solombavambahoaka VELONTSARA Paul Bert tsara izy ity ary izy no namoaka azy teo. Mikasika ny hoe lamandy, misy karazany roa: ny "version initiale" dia nasianay "fourchette" ka eo amin'ny "3 Millions d'Ariary à 6 Millions d'Ariary" izany. Novain'ny asam-boamiera izay ka natao "1 Million d'Ariary à 6 Millions d'Ariary".

Izahay tsy mitsipaka an'izany, fa izay tapakareo satria ianareo no tompon'ny teny farany, kanefa mba tiako apetraka satria izay mihitsy no hevitra nitondrana azy. Ianareo Solombavambahoaka no mpanao lalàna, fa izahay mametraka hoe aza avotsotra ary aza atao tsinontsinona ny fahefanareo manao lalàna.
Ny dikan'ny hoe mpanao lalàna mantsy dia manome an'iny lalàna ataonareo iny hery ho an'izany lalàna izany. Raha ohatra isika indray no hampalefaka an'izay hery izay, tokony hapetratsika ao anaty lalàna izay nolaniantsika, mazava ho azy, fa ataon'ny mpanao gazety tsinontsinona amin'izay lafiny izay.
Mpanao gazety ny tenako talohan'ny naha Minisitra ahy ary fantatro loatra izay. Raha amin'ny maha mpanao gazety ahy, marina tokoa ny tenin'ny namako teo hoe: ataovy ambany ny "fourchette minima", fa isika kosa nametraka fa tokony hanana "caractère dissuasif" na mampihemotra ny mpanao gazety tsy hanaonao foana ny "fourchette d'amende" napetratsika na inona mety tsy hifankazoan'ny hevitra politikako sy Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'arc, raha izaho no mpanao gazety, tsy afaka hiteny mihitsy aho hoe: ianao hitako nampiaraka; fiainanao izany. Izay mihitsy no raharahantsika mpanao gazety. Mitovy amin'ny fanontanian-dRamatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée teo, izay marina loatra ary lasa manaonao foana ny mpanao gazety kanefa arovantsika ny "droit à la vie privée de chaque citoyen" ary arovantsika ihany koa ny "liberté de la presse" manao ny asany.
Aza hadinoina fa ny lalàna izay manan-kery dia natao hanana "force dissuasive" voalohany indrindra. Hampihemotra ny olona ary izay mihitsy no "balise" voalohany napetraka hoe: ahoana no ahazoantsika antoka ny mpanao gazety fa tsy hanompa izy; fa tsy higadra izy; dia hoy izy hoe handeha hompaiko ny Solombavambahoaka satria na izany na tsy izany, "1 Million d'Ariary" ihany no vola asiana aloako. Asa raha azontsika ny hevitra nametrahana ny "3 Millions d'Ariary". Apetrako indray mandeha, fa izahay tsy manana olana raha ataontsika "1 Million d'Ariary" io, fa faly aho amin'ny maha mpanao gazety ahy saingy mametraka hoe: aleo mba hisy "force dissuasive" ny lamandy izay hataontsika.
Izany no mba angatahako amintsika Solombavambahoaka.

Ny faharoa, ny fanontanian'ny namana avy any Kandreho, Andriamatoa TSIKIVY Adrien.
Ahoana izany mpanao gazety tsy hiditra am-ponja izany raha manao ny tsy mety; hoy aho: mahazo matoky ianao Andriamatoa Solombavambahoaka.
Ny tsy fisian'ny "peine privative de liberté" dia tsy mahakasika afa-tsy ny fandikan-dalàna mety hatao "dans le cadre de l'exercice" ny asa fanaovan-gazety; fa tsy hoe iny aho fa manao "kidnapping" dia mangataka hoe mpanao gazety aho fa aza gadraina. Tena gadraina ianao, fa tsy amin'ny maha mpanao gazety anao no tsy hanagadrana anao. Raha ohatra voaenjika ka nomelohian'ny lalàna na "magistrat" araky ny tenen'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson teo. Amin'ny maha mpanao gazety ahy, ka nanao "infraction" aho hoe: noraisina fa namoaka vaovao tsy marina; amin'izay fotoana izay kosa lamandy no aloako fa tsy gadraina. Izany hoe ny "délit de presse" no tsy gadraina, fa tsy ny "infraction de droit commun". Tsy sanatria handeha hamono olona aho na handeha hangalatra na hanao fanafihana mitam-basy dia handeha hiafina ao ambadika amin'ny maha mpanao gazety ahy dia tsy hogadraina; tsy mety izany. Ny mpanao gazety koa tsy miteny hoe aza enjehana na aza gadraina araka ny zava-misy eo. Ny mpanao gazety dia enjehina araka ny lalàna, ohatran'ny olona rehetra fa ny "principe" mibaiko hoe tsy misy "peine privative de liberté" Andriamatoa Solombavambahoaka dia "principe de droit" amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Izany hoe fenitra iraisam-pirenena ny “droit”, ny “information”-n’ny olom-pirenenana no arovana. Mahatonga ny mpanao gazety no mahazo izay tombony izay kanefa tsy azo laziana fa tombony ihany koa fa arovana ny zon’ny olom-pirenena rehetra hahazo vaovao. Tsy midika izany fa azo enjehana izy, fa raha enjehana izay, manampim-bava ny mampigadra. Raha ohatra izy enjehina ka mandoa lamandy dia saziana araka ny lalàna, fa ny “liberté d’expression”-ny dia mitoetra. Izay no “principe” hoe tsy misy “peine privative de liberté” fa ny lamandy dia mametraka ary ny mpanao gazety tsy hoe olom-pirenena ambonin’ny lalàna, ka tsy henjehana akory, sanatria ary raha misy izany dia izahay izao no hanohitra an’izany.

Mikasika ny fanontanin-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore mikasika ny andininy faha-11 ao amin’ny “Autorité Nationale de Régulation de la Communication Médiatisée”. Mitovy amin’ny satan’ny ARNP mihitsy izy io Ramatoa Solombavambahoaka. Tsy «établissement public» EPA akory, fa AAI no filazantsika azy “Autorité Administrative Indépendante”; izany hoe tsy EPA mitovy amin’ny ARTEC io, tsy izay mihitsy fa amin’ny maha “autorité indépendante” azy dia rafitra itambaran’ireo mpisehatra rehetra eo amin’ny tontolon’ny mpiserasera amin’ny haino aman-jery. Izay zavatra izay no mahatonga hoe misy “équilibrage à représentativité» averina ao anatin’ny ANRCM izay nataon’ny fitondrana teo aloha. Tao amin’ny lalàna laharana faha-2016-029, natao 8 ny solotenam-panjakana, 3 ny solotenan’ny tsy miankina izay tsy ekena mihitsy satria raha araka ny tenin’Andriamatoa MAMIHAJA Charlot teo hoe: lasa ny fanjakana no manana “main mise” amin’ny ANRCM izay tsy nekena fa izahay dia mametraka fa ataovy mitovy, ka 6 ny solotenan’ny fanjakana, 6 ny solotenan’ny tsy miankina. Manamafy ny tenin’Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle teo hoe: tsy olona hotendrenay avy amin’ny haino aman-jerim-panjakana, fa “élu parmis ses pairs” araka izay maha “autorité indépendante” azy izay. Ny “tutelle financière” no anay satria tsy maintsy misy “tutel administratif et financier avec congestif financier». Ao amin’ny “finances” no «tutelle financière», fa avy amin’ny Tetibolanay no anomezana ny «fonctionnement»-n’ny ANRCM mitovy amin’ny ANRP hoe “sous la tutelle financière en charge de finances” fa ny “fonctionnement”-ny dia tsy misy idiran’ny Minisitera na kely aza.
Ny filohan’ny ANRCM koa mbola fidin’ny namany izay ao anatin’ny ANRCM. Izay no tiana hamafisina.

Mifandraika amin’izay ihany ny hoe inona no ifandraisan’ny ANRCM sy ny ISCCM.
Ny ANRCM dia mamoaka fotsiny izay mety horonan-tsary “à caractère informatif”; izay no efa ao anatin’ny “texte”, fa mety mbola tsy voavaky tsara. Tsy misy idiran’ny ANRCM amin’ny resaka horonan-tsary toy ireny horonan-tsary hitantsika “visa A, B, C” araka “classement” izay omena, fa “à caractère inforamatique” ohatra ny hoe “documentaire” ny kolotsaina, resaka politika, dokam-barotra no idiran’ny ANRCM.

Mikasika ny ISCCM dia ivon-toerana ho an’ny sary mihetsika Malagasy. Ramatoa Solombavambahoaka nanontany hoe asa raha efa nataonareo teo anivon’ny Filankevitry ny Minisitra izany. Efa lany teo anivon’ny Filankevitry ny Governemanta izy io Ramatoa Solombavambahoaka.

Mikasika ny “couverture nationale” ho an’ny «station radio» ve, hoy izy, tsy tafiditra ao anatin’ny “mode TNT” mba hahazo «couverture nationale». Ny TNT na «Télévision Numérique Terrestre” dia «appellation numérique» saingy tafiditra amin’izany ny “télévison” sy ny “radio”.

Tiako hazavaina amintsika ny fidirana ao amin'ny TNT, izay no manamaivana ny haino aman-jery izay hanao "investissement" sy hanao "couverture nationale", ka izay "moins possible" manao "couverture nationale" ho antsika haino aman-jery tsy miankina no vesatry ny "investissement".
Mamaly avy hatrany ny fanontanin-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique teo hoe: ny andraikitry ny fanjakana amin'ny fanovàntsika ny TNT dia ny fanamorana ny fidiaran'ny haino aman-jery na miankina na tsy miankina; izany hoe fanamorana ny "investissement".
Raisin'ny fanjakana an-tànana ny "investissement" satria ohatra isika izao, mahafantatra izany na ny mahay televiziona na ny mahay "radio". Andriamatoa MAMIHAJA Charlot no niteny an'izay teo. Mpanakanto izy "manager"; fa ny tiako apetraka dia ny tsy hampalafo ny "émétteur" na hanao televiziona na hanao "radio" ohatra. Ny "investissement" amin'izao endriky ny "radio analogique" izao; raha tiantsika hanaram-penitra dia mety tsy latsaka ny "100 Millions d'Ariary" na "200 Millions d'Ariary" ho an'ny televiziona na "radio" iray. Eo amin'ny faritra iray anefa ny Minisitera dia mametraka fa rehefa miditra ao anatin'ny TNT isika, miala ny fividianantsika "émétteur" lafo satria tsy mila an'izany intsony ny TNT.
Io TNT io dia ohatran'ny hoe "émétteur" goavana be iray ka ao idiran'ny rehetra manao an'izay "système de diffusion" izay manerana an'i Madagasikara. Noho izany, tsy mila miasa saina intsony hoe hametraka "relais" any Angavokely, any an-tampon'Akaratra na any an-tampon'Ihorombe. Tsy mila an'izany intsony rehefa miditra ao amin'ny TNT, fa raha mitady "couverture nationale" kanefa ivelan'ny TNT, tsy maintsy izay "investissement" rehetra noteneniko teo no ataonao, fa tena farany izay lafo dia lafo izany. Ny itenenako hoe ny miditra ao amin'ny TNT no ahavoazana indrindra ho an'ny haino aman-jery, fa tsy maintsy misy fanazavana amin'ny antsipiriany mba hazava tsara amintsika. Tahak'izay efa natao tany Mahajanga sy Toamasina, mbola hotohizana izany satria ny "deadline"-ntsika amin'ny TNT dia mbola amin'ny volana Jona 2020. Hamorain'ny fanjakana araka izay tratra satria andraikiny izay ary mbola hanao an'izay lalàna izay koa isika. Tsy maintsy entina eto aminareo Solombavambahoaka na tiana na tsy tiana alohan'izay fotoana izay mba ahafahantsika manana ny "concrétisation" amin'ny fidirana amin'ny TNT.

Mikasika ny «effectivité de la loi sur la cybercriminalité», fanontaniana napetra-dRamatoa RASOAZANANIERA Monique teo.
Lalàna laharana faha-2016-004 izy io ary efa nihatra tamin'ny fitondrana teo aloha satria efa tamin'ny taona 2016 no lany ary efa «promulguer» ihany koa. Raha tadidintsika tamin'izay fotoana izay, izahay mpanao gazety dia niady mikasika ny andininy faha-20 izay nisy famonjana ka izay no niadiana. Lasa nivadika lamandy izy amin'izao fotoana izao. Mampahatsiahy anareo ny «logique» nohazavaiko teo mikasika ny lamandy nolaniana teto amininareo Solombavambahoaka tamin'izay fotoana izay. Nametraka lamandy lafo hatramin'ny 100 Tapitrisa Ariary mihitsy tao anatin'ny «cybercriminalité» ny «caractère dissuasif» izay nohazavako teo.
Manao ahoana ny «effectivité»-ny. Ny olana goavana mipetraka Andriamatoa Solombavambahoaka dia ny tsy fahampian'ny «redéploiment»-n'ny fitaovana entina manao an'izay «effectivité» izay. Efa no-«promulguer»-ny Filoha teo aloha, Andriamatoa Hery RAJAONARIMAMPIANINA, tsy misy adihevitra intsony ny fiverenana mikasika an'izay fa efa vita soa aman-tsara izay lalàna izay.

Manana «cellule de lutte contre la cybercriminalité» izahay eo anivon'ny Minisitera; tsy afaka hanenjika toy ny «police criminelle» na Zandary, fa raha ohatra ianao manao fitoriana, izay no tena ilana an'io «cellule» io; natao hiaro ny «victime» satria maro no voan'izany eo amin'ny tambajotran-tserasera na ny «harcèlement sexuel», sns… Tsy fantany hoe aiza no tokony halehany, afaka manatona ao Minisitera izy ka ny Minisitera no manatitra azy manao ny «démarche judiciaire" hoe ato no apetraka ny fitoriana, izao no atao, inona avy no dingana tokony hatao amin'izay. Efa misokatra sady efa «effectif» izay, Ramatoa Solombavambahoaka.

Inona no sazy raha avela malalaka loatra. Efa nohazavaiko teo fa tazonina ny «fourchette d'amende» mba hanana «caractère dissuasif» izany.

Andriamatoa avy ao Antsirabe faha-II nametraka ny "exonération de douanes".
Tiako apetraka, fa tsy isika eto Madagasikara no te-hianan-kendry ka hampahazo tombony manokana ny mpanao gazety mikasika azy io, fa misy ny atao hoe «accord de Florence». Io «accord» io dia natao hiantohana ny «libre circulation de toute les expressions» amin'ny asa fanaovan-gazety. Tamin'ny volana Mey 2018 io no natao Sonia. Manan-kery eto amintsika izany io "accord" io. Tafiditra ao anatiny ny mpanankanto, fa tsy ny mpanao gazety ihany.
Tsy ny zavatra rehetra dia hangatahako «exonération» satria izaho mpanao gazety, fa misy «lisite exhaustive" ao; "livre, publication, documentation, œuvre d'art, matériel visuel auditif à caractère éducatif, scientifique et culturel» ary ny «matériel» na ny «instrument»-n'ny dia ilaina amin'ny asa fanaovan-gazety. Raisina ohatra ny «caméra, dictaphone, table de mixage, micro, émétteur» kanefa tsy maintsy voaporofonao fa ampiasanao amin'ny haino aman-jery na ampiasanao amin'izay asa fanaovan-gazety izay, fa tsy hanao «studio» dia mody ataonao hoe mpanao gazety ianao ka hahazo «exonération». Angamba tsy izay loatra ny izy, fa tsy misy atahorana hisy «abus» io, Andriamatoa Solombavambahoaka satria efa milahatra tsara ny lisitra nomen'ny «accord de florence» izay nataontsika sonia.

Fanontanian-dRamatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée. Afaka manome antoka anao aho, Ramatoa Solombavambahoaka, fa tsy misy ho an'ny Merina irery izany fahitalavitra ao amin'ny TVM. Angamba mety ho diso izay fandraisan'olona azy izay. Voalohany indrindra, sahiko ny milaza an'izay; izaho izao, Tompoko, anisan'ny nanendry olona avy any amin'ny Faritra. Ny Tale Jeneralin'ny ORTM amin'izao fotoana izao dia avy any Mahajanga. Tena avy any mihitsy ny fiaviany. Izany hoe tsy olona avy eto akory, fa mety tsy asinareo lanjany ny TVM.

Faharoa manarak'izay; raha mahatsikaritra ianao dia namorona fandaharana maro ny TVM amin'izao fotoana izao. Mety tsy manam-potoana ianareo Solombavambahoaka satria be asa amin'ny maha Solombavambahoaka anareo; fa ny TVM sy ny RNM dia tena nanova "grille de programme" ary nametraka farafahakeliny any amin'ny 70%-n'ny fandaharana ao dia mivoaka avy any amin'ny Faritra na fandaharana natao ampahafantarana ny Faritra samihafa. Aza manana ahiahy, fa raha ny avy amiko, tsy misy atahorana mihitsy ny mikasika an'izay.

Mikasika ny fitaovana izay valiako amin'ny ankapobeny ho antsika rehetra satria marina loatra sy mitombina izany. Maromaro izay Distrika efa hitako izay, fa tena mampalahelo ny fitaovan'ny TVM sy ny RNM sady mahametra. Tsy misy maha TVM sy ny RNM azy.

Ny fanamby napetrako dia ny hamerina ny hasin'izany fahitalavitra Malagasy sy radiom-pirenena Malagasy izany.
Misy ny efa nahazo "émétteur" tamin'ity taona ity, fa mbola hisy ny fanomezana izany sady mbola hitohy amin'ny taona sy amin'ny taona 2021. Izay no mikasika ny "émétteur" fotsiny.

Tamin'ny fandalovan'Andriamatoa Praiminisitra teo, efa niteny izy hoe: ireto aloha no mahazo ny andiany voalohany ary ireto no mahazo ny manaraka. Mety tsy hahafapo antsika rehetra, fa izaho kosa manao "engagement" fa tsy maintsy hahazo daholo isika Distrika rehetra.

Efa ao anatin'ny "projet de loi" nolaninareo teto izany.
Ny fandaniana mikasika ny fividianana fitaovana ho an'ny TVM sy ny RNM any amin'ny Faritra amin'ny taona ho avy. Izany hoe, ny ankabeazan'ny Distrika rehetra izay tsy nahazo satria nisy nahazo kely ihany tamin'ity taona 2019 ity, fa indrisy fa efa taty amin'ny volana Jona isika vao tena nanana fahafahana amin'ny Tetibolan'ny Minisitera noho ny LFR izay fantatsika. Ny fikambanan'ny ny Minisitera ihany koa, mbola nisy fanovàna teo anivon'ny "finances". Tsy hivalapatra amin'izay aho.
Tamin'ny 11 Jona 2019 vao nanomboka nahazo fahafahana izahay tao amin'ny Minisitera. Tena tsy ampy ny fotoana nahafahana nanao ny "état de lieu" manerana an'i Madagasikara, fa amin'ny taona 2020 Tompoko, efa tafiditra ao anatiny mihitsy ny fividianana fitaovana ho an'ny TVM sy ny RNM; izay anomezako toky anareo Solombavambahoaka. Hatramin'ny taona 2023 io "projet de déploiment" ho an'ny fitaovan'ny TVM sy ny RNM io. Efa tafiditra ao anatin'ny fizorantsika mankany amin'ny TNT izany.
Mino aho fa nahavaly ny avy any Belo Sur Tsiribihina, Ambohimahasoa ary Fort-Dauphin izay.

Mikasika ny DLCOM. Ny "délégué"-n'ny "communication" izay tsy mbola mazava tsara ny satany, fa mbola hojerena miaraka amin'ny Tale misahana ny mpiasa ao amin'ny Minisitera, satria fantatsika tsara fa tsy azo atao ny manao "recrutement" vaovao araka ny voalazan'ny Filohampirenena. Noho izany, hitady hevitra isika araka izay fomba ahafahana mijery ny satan'ireny namantsika ao amin'ny DLCOM ireny.

Mamaly avy hatrany ny fanontanian'Andriamatoa ANDRIANANDRASANA Norbert Marie Ignace, mikasika ny "contractuel" izay tadiavina hafindra toerana. Andriamatoa Solombavambahoaka; heveriko fa tsy anjarako ny mampahafantatra antsika ny voalazan'ny lalàna fa na "contractuel" aza ny olona iray, manana ny "obligation de mobilité", "close de mobilité" ao anatin'ny fepetra na ny fifanarahana izay mifehy azy. Tsy afaka mandà izy, fa ny "necessité de service" irery ihany no mibaiko an'izay "affectation" izay.

Tonga dia valiko koa ny fanontaninao mikasika ny fananganana "radio".
Toromarika avy amin'ny Filohampirenena izany mba hialana amin'ny gaboraraka, hialana amin'ny hoe akaikin'ny fanjakana dia mahazo "radio", mahazo "licence", mahazo televiziona fa izahay mpanohitra fanjakana tsy mahazo. Afaka manamarina izany ianareo mpiara-miasa amiko ireo rehetra ireo na isika ihany koa. Tsy mbola namoaka na "licence" iray aza hatramin'ny nahatongavanay teo, "par principe" sanatria ny tenako indray no hamerina ny tsy mety izay nataon'ny teo aloha hoe namanay. Raha izay, ny televizionako no sokafako voalohany, fa izaho tsy hanao an'izany satria izaho olona manara-dalàna ary mba manana "éthique" ihany ao anatin'ny fitantanana.

Rehefa lanintsika ity lalàna ity sy lanin'ny Antenimierandoholona ary eken'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana hoe tsy mifanohitra amin'izay ary "promulguér"-n'ny Filohampirenena, efa misy ao anatin'io "disposition" io hoe: efa misokatra ny fanaovantsika "appel d'offres" amin'ny fananganana "radio" sy televiziona. Aza hadinoina koa, fa tsy maintsy ataontsika ao an-tsaintsika amin'ny ho avy ny fivadihana mankany amin'ny TNT.

Izay angamba Andriamatoa Filoha,
Isika mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, raha fintinina ny fanontaniana rehetra nentin'ny namana teo.

Hamafisiko ny fisaorana ho antsika rehetra izay vonona handany ny lalàna ho an'ny tombotsoa ambonin'ny firenena.

Mankasitraka Tompoko.

- Tehaka -

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra anao, Ramatoa Minisitra, tamin'izay fanazavana sy famelabelarana fa indrindra ny fanomezana ny valin'ny fanontaniana na izay zavatra nanitikitika mikasika ny haino aman-jery tamin'ny ankapobeny, indrindra fa ny mikasika ny votoatin'ity volavolan-dalàna ity.

Hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isika.
Hatombotsika amin'ny isan'andininy ka mivonona ny amin'izany isika rehetra.

Manao satroka ve ny Solombavambahoaka ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot.

**Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anareo avy ao amin'ny Governemanta.

Misy "version" miisa roa izy ity, izay natolotry ny Governemanta ny iray, misy "version" hafa izay nodinihin'ny vaomiera ny "version amendée".
Mety ve raha atao indray mandeha ny fifidianana azy.

Misaotra Tompoko.

**- 7 -**
**- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2019 -**

**Andriamatoa FILOHA**
Heveriko fa satroka izany satria tsotra ny antony, ianao ihany no niteny fa misy "version" miisa roa, avy any amin'ny Governemanta sy "version amendée". Ny antsika eto anivon'ny Antenimierampirenena manome tombony ny asam-baomiera satria nisy dinika lalina tao ary nisy famakafakana lalina ary mifanaraka ny zavatra andrasan'ny vahoaka satria isika Solombavambahoaka no mihaino ny fitarainam-bahoaka ary mifampikasokasoka amin'izy ireo.

Heverina fa tsara toerana kokoa ny mahafantatra ny zavatra ilain'ny mpiray tanindrazana sy izay andrasan'ny Firenena.
Izaho mahita hoe, aleo hirosoantsika ny isan'andininy ka raha mety amintsika, omentsika tombony izay vokatry ny asam-baomiera izay.
Raha ohatra ka tsy misy handray fitenenana intsony dia hiroso isika.

Atombotsika amin'ny famelabelarana ny antonantony nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Atsangano ny tànan'izay mandany ny antonantony nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Solombavambahoaka miisa 45 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalàna nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Miroso hatrany isika eo amin'ny andininy voalohany hatramin'ny andininy faha-4, lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika izany.

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany ireo andininy ireo.

- Solombavambahoaka miisa 47 no nanangan-tànana.

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no tsy milaza ny heviny -

Ambara fa lany ara-dalàna ny andininy voalohany hatramin'ny faha-4, izay nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Miditra amin’ny andininy faha-5 isika izao, nolanian’ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.
Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Atsagano ny tànana izay mandany an’io andininy io.

- Solombavambahoaka miisa 47 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Ambara fa lany ny andininy faha-5, nolanian’ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Andininy faha-6, nolanian’ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Atsangano ny tànana izay mandany an’io andininy io.

- Solombavambahoaka miisa 47 no nanangan-tànana.

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny andininy faha-6, nolanian’ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Miditra amin’ny andininy faha-7 isika, nolanian’ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana fa nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

Omena fitenenana, Ramatoa Minisitra.

**Ramatoa RAKOTONDRAZAFY Lalatiana Andriantongarivo, Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Io no saika hangatahiko raha sitrakareo Solombavambahoaka,satria ianareo moa no tompon'ny teny farany. Hamelabelatra kely io andininy faha-7 io ny tenako.
Andininy faha-19 izy io tao anatin'ny "code de la communication mediatisée".
Tiako apetraka aty ampiandohana, hajaiko antsakany sy andavany ny fanapahan-kevitry ny teo anivon'ny vaomiera. Hajaiko ary apetrako amin'ny toerana misy azy fa ny «état d'esprit» no tiako hazavaina, Andriamatoa Filoha sy ianareo Solombavambahoaka.

Io andininy faha-7 io no manafoana ny andininy faha-19 tao anatin'ny "code de la communication médiatisée". Hovakiako tahak'izao ny andininy faha-19 izay nofoananay ny sosokevitry ny mpanao gazety.

Io andininy faha-19 io dia mivaky tahak'izao: «est interdite la publication non autorisée des débats en huis clos, des rapports ou tout autre document tenus ou établis au sein des institutions de la République pouvant compromettre l'Ordre publique ou la sécurité nationale dont l'appréciation relève des juridictions».

Raha tadidintsika tsara io no anisany tena teboka niadivan'ny MLE tamin'ny fotoan'androny. Izao no antony, io no tena mametraka ny atao hoe mangarahara ho an'ny "administration". Izaho no tena nahazo tombony voalohany raha averinareo io "disposition" io. Izay moa no tapaky ny "travaux des commissions" hoe averina izany io na hanan-kery "interdite la publication", ohatra hoe manao adihevitra na "huis clos" dia tsy azo atao ny mamoaka an'izay.

Raha ohatra ka laniantsika ny famerenana an'io, izaho no faly voalohany satria midika izany fa tsy manao mangarahara ny "administration". Midika izany fa azoko afenina ny mety ho adihevitra izay ataontsika na mety ho adihevitra atao any amin'ny "Conseil des Ministres" na adihevitra izay ataony any amin'ny "Conseil du Gouvernement". Amin'ny maha olom-pirenena ahy, mametraka aho ary manana "droit" mahalala an'izany ny olom-pirenena raha ohatra ka mivoaka izany ka tsy tokony hanenjehana ny mpanao gazety. Ny mpanao gazety manko no mamoaka ny vaovao. Apetrako tsara, satria izay no niadivan'ny MLE tamin'ny fotoan'androny ary anisany tena nahabe adihevitra izany satria io no lanin'ny mpanao gazety tao anatin'ny "consultation" rehetra izay natao.

Eo kosa no azo anenjehana ny mpanao gazety raha hoe diso ny vaovao ambarany, lazainy fa iadivan'ny Solombavambahoaka tao anatin'ny adihevitra "huis clos" ny mikasika ny fiara tsy mataho-dàlana anefa tsy niresaka an'izany ianareo. Diso ny mpanao gazety amin'izay fotoana izay satria tsy marina ny vaovao navoakany. Raha tena niresaka an'izay kosa ny mpanao gazety, ka nilaza izany koa ianareo, heveriko fa "intérêt public" no mahafantatra ny adihevitra ataontsika amin'ny maha tomponandraiki-panjakana antsika. Miala tsiny Tompoko, izay no atao hoe "transparence de l'administration", ka izay no tokony hiadivantsika fatratra.

Raha lanianareo izay, arahaba soa aman-tsara fa raha tsy lanianareo dia ny mpanao gazety mahafantatra an'izay hoe tsy nolanian'ny Solombavambahoaka ny andininy faha-19 ka nofoanany indray anefa naverin'ny Minisitera. Tsy ho tombontsoanay, averiko ihany ary izaho faly raha tsy lany io satria midika hoe "je n'ai pas à m'expliqué par rapport à certain décision" noraisina tao amin'ny «Conseil des Ministres» na ny «Conseil du Gouvernement», anefa nibaiko antsika ka tokony hangarahara ao anatiny fitantanan-draharaham-panjakana. Tsy hoe any ivelan'ny fitondrana isika, ka andeha hanao tsinotsinona ny mangarahara fa rehefa ato anatin'ny fitondrana tsy mety amintsika indray izany. Noho izany, "soyons logique avec nous même, soyons cohérant avec nous même".

Izany no mahatonga anay miteny hoe, raha tsy lanianareo io, izahay no mandihy voalohany, aoka apetrako tsara fa sao ataonareo hoe aleo esorina amin'izay voa ny Minisitera. Tsy izahay no voa raha esorina io fa ny asa fanaovan-gazety "droit à l'information"-ny olom-pirenena ary ny "atteinte à la transparence de l'administration" izay tokony ho niadivantsika. Nanaovantsika "engagement" ary indrindra indrindra "engagement" laharana faha-2 ao anatin'ny IEM «initiative pour l'Emergence de Madagascar» izay niadivan'ny Filohampirenena.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra betsaka, Ramatoa Minisitra.

Mandray fitenenana nys Solombavambahoaka hajaina isany RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle, ZAFINANDRO Perle Bien Aimée ary RAKOTONDRASOA Fetra. Avy eo, omena satroka ny Solombavambahoaka VELONTSARA Paul Bert.

**Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Mpikambana ao amin'io vaomiera io mihitsy ny tenako no sady mpanao gazety ary Solombavambahoaka. Nandinika an'io ka nanala izany tao anatin'ity làlana ity. Izao no antony, ato anatin'ny asa ataontsika ato amin'ny Antenimierampirenena misy zavatra rehefa tsapatsika fa isika ihany no tokony samy hiara-hidinika azy, mandray fanapahan-kevitra rehefa misy fivoriana «huis clos». Mivoaka daholo ireo olona tsy Solombavambahoaka ireo, misy dikany izany matoa izay no nomena antsika ato amin'ny Antenimierampirenena. Zontsika ny manao fivoriana «huis clos», mamoaka an'ireo olona rehetra ireo, satria misy tsiambaratelo tsy tiantsika hivoaka.

Izahay indray ve no hosokirina amin'ny alalan'ny demokrasia, ity Andrimpanjakana ity mihitsy no hamaivanina ao anatin'izany. Amin'ny maha Solombavambahoaka ahy, na mpanao gazety aza; najaiko ny satan'ny Andrimpanjakana misy ahy. Izay no nahatonga ny hanesorana io ao anatiny, ary tena nalana mihitsy rehefa nanao ny asam-baomiera izahay. Averiko indray, raha ny fehitr'isanay, izaho irery no mpanohitra tao anatiny. Tokony tsy handaitra izany io raha tena nifampidinika izahay Solombavambahoaka nandinika an'io satria isika no mandany.

Mbola isika ihany koa no mandany azy amin'ity "séance plénière" ity, izay zavatra izay no voakitika tao anatiny, isika efa mahay ny fomba fiasantsika ato, angamba haintsika ny tokony hataontsika manoloana an'izay "huis clos".

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Ramatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée**
Misaotra betsaka nanome ny fitenenana.

Isaorana an-dRamatoa Minisitra nanazava ny antony tokony hitanana an'izay zavatra izay, momba ny mangarahara sy ny demokrasia. Resaka demokrasia sy ny mangarahara ihany koa no hamerenana azy hoe manana zo kosa isika ato amin'ny resaka demokrasia rehefa misy ny resaka hifanaovanay ato ka tsy tokony havoaka satria izay no atao hoe fifanajana. Izany tsy midika hoe, manao tsinotsinona ny mpanao gazety fa fanajana ny fomba fiasanay ato. Manamafy ny resaky ny namana hajaina teo aho hoe zonay izany zavatra izany, tsy ho izahay ihany koa no hanala ny zavatra hoe "au nom de la démocratie". Tsy izahay samy izahay no hifampiresaka fa izay resaka hoteneninay tonga any amin'ny mpanao gazety, tsy misy zavatra toa izany ato. Dikan'izay, efa afaka mifalifaly, Ramatoa Minisitra, satria ianao niteny hoe raha tsy ekenareo io, izaho no anisany faly voalohany fa izahay tsy hanaiky ny "huis clos" havoaka any amin'ny gazety, tena tsy mety azafady.

Misaotra indrindra.

**Andriamatoa FILOHA**
Omena fitenenana ny Solombavambahoaka RAKOTONDRASOA Fetra.

**Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Niadianay hevitra tao amin'ny vaomiera tokoa io ary marina ny tenin'ny Solombavambahoaka hajaina RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle teo hoe nesorina tao amin'ny asam-baomiera. Mijoro eto aho amin'ny maha mpanao gazety sy amin'ny maha Solombavambahoaka ahy. Marina ny tenin-dRamatoa Minisitra teo fa iray tamin'ireo notakiana ary tena notakiana mafy ny fametrahana an'io satria nataony làlana teo aloha. Ny làlana teo aloha nametra hoe ny fivoriana "huis clos", ny zavatra tapaka ao amin'ny "huis clos" rehetra tsy hoe ny Antenimierampirenena irery ihany fa ny fivoriana rehetra ataon'ny mpitondra Fanjakana tsy azon'ny mpanao gazety avoaka na taterina. Izay no mahatonga ny hoe "atteinte" amin'ny fahalalahana mahazo vaovao, satria mamono ny asan'ireo mpanao gazety "investigateur" ary nanova ny tantaran'izao tontolo izao ary nampalaza ny asa fanaovan-gazety ihany koa, angamba hitantsika sy azo raisina ohatra ny tany Etazonia sy ny firenena hafa.

Raisiko ohatra, tsy voatery omena fiara tsy mataho-dalana ny Solombavambahoaka no tiako resahana fa andeha hataoko ohatra ity fa tsy hoe zava-misy akory. Any amin'ny "Conseil du Gouvernement", nilaza Andriamatoa Praiminisitra, "huis clos"-n'ny "Conseil du Gouvernement" ka niteny izy hoe andao haparitaka any daholo ny omby rehetra manerana an'i Madagasikara afaka 3 taona, inona no politika atao amin'izany.

Raha misy mpanao gazety “investigateur” nahavita namoaka an’izay vaovao izay, nahoana no tsy arovantsika ny zony fa avelantsika izy hiaran’ny sazy hotenenintsika. Eto aho miteny amin’ny anaran’ireo namako mpanao gazety maro izay misehatra amin’ny asa. Marina fa izaho Solombavambahoaka fa mpanao gazety ihany koa etsy ankilany. Izaho te hanafatra antsika maro an’isa hoe aleo averintsika io andininy io mba ho fiarovantsika an’ireo namana mpanao “investigation” indrindra fa maty ny “investigation”-tsika eto Madagasikara raha sanatria ka iharan’ny làlana ny fitrandrahana ny vaovao izay tsy hotenitenenina. Lasa tsy misy vaovao azo avoaka intsony, tsy azo atao intsony izany raha vao manana endrika “huis clos” ka mahatonga ny mpanao gazety tsy hitrandraka vaovao. Aza raisintsika tranga manokana ny eto amin’ny Antenimierampirenena fa hitaro any amin’ny zavatra hafa satria tena tandindomin-doza ny fahalalahana manao gazety.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**
Omena satroka ny Solombavambahoaka VELONTSARA Paul Bert.

**Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert**
Tohizo ity, Andriamatoa Filoha, fa manahirana ny mieritreritra azy satria izao ohatran’ny misy zavatra mitombina ihany hoe andeha hitsikilo ny zavatra ataon’ny mpanohitra ohatra. Ireo mpanohitra ireo, mandeha any ny mpanao gazety, mety ilaina izany amin’izay lafiny iray izay fa raha amin’ny lafiny aty amintsika angamba zavatra hafa. Tsy manan-kevitra aho, Andriamatoa Filoha, fa alefaso.

**Andriamatoa FILOHA**
Omena fitenenana ny Solombavambahoaka JOHASY Raharisoa Eléonore.

**Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Fandraisam-pitenenana ny ahy ity no sady satroka ihany koa. Ny satroka tiako apetraka, mangataka hoe rehefa volavolan-dalàna na tolo-dalàna manova lalàna dia tokony hataontsika fomba fiasa hoe eo ny “texte” taloha fa manahirana. Novakian-dRamatoa Minisitra ihany ny andininy faha-19 taloha fa haingana be izy satria izy moa efa mahafantatra azy io, tsy tadidy hoe inona marina no votoatiny voalaza ao anatin’io andininy io.

Fomba fiasa izay, na izany na tsy izany, izao no tiako handraisam-pitenenana, mikasika ny mangarahara notadiavina nefa hombako manana ny voalazan’ny Solombavambahoaka namana sasany teo hoe matoa “huis clos” misy antony ary zo apetraka amin’ny asa atao amin’ny maha Solombavambahoaka antsika no mety hanaovantsika izany, raharaha tokantranontsika izany fa tsy mikasika ny any ivelany any. Tsy misy hafa ny hoe “vie privée” noresahina teo sy ny “vie privée”-n’ny Antenimierampirenena, ka tokony hajaina ohatran’ny “vie privée” isam-batan’olona.

Etsy andanin’izany koa, afaka mifaly, Ramatoa Minisitra, raha io no averintsika fa hoy aho hoe tsy maninona fa ataovy ny mangaraharanao 100% na 1000%.

Ampahafantaro ny manodidina ny fanatanterahanao ny andraikitra nankinina taminao, aza manararaotra hoe niverina ny andininy ka hikobona ao aorian'ny hifaly, angamba mifanohitra amin'izay avoay ny momba ny zavatra nataonao.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka RARABEKIJANA Solofo Hery.

**Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery**
Misaotra Tompoko.

Miarahaba antsika rehetra ato anatin'ity trano ity.

Sarotra ity zavatra ity, izaho tsy mpikambana tao anatin'ny vaomiera fa niatrika ny fivoriana, indrisy Ramatoa Minisitra tsy teo ianao fa izaho tena niaiky anareo mpanao gazety mihitsy tamin'ny adihevitra nifanaovanareo niaraka tamin'ny teknisiana. Ao anatin'ity zavatra ity, ianareo mpanao gazety manana ny tsiambaratelonareo manokana, ny olona rehetra araka ny fahalalako azy. Ho anay manana fahefana sy toerana ambony, rehefa vonoinareo dia maty, ohatran'iny fiara nitondra mariazy iny, "plaque rouge" efa fantatrareo mpitondra Fanjakana mihitsy fa tsy azo hitondrana mariazy. Nohon'ny asan'ny mpanao gazety, maty hatramin'ny mpamily sy niharan'ny sazy anefa iraka ihany no nataony. Mila fitandremana izay zavatra izay, ka eo anatrehan'izany no antony mahatonga ny rindrina efatra tsy hisian'ny tsiamabaratelo hivoaka. Maninona ny "Conseil du Gouvernement"-nareo any tsy avelanareo misy mpanao gazety mipoitra, ny «Conseil des Ministres» tsy avelanareo koa torak'izay, inona no mety ho antony. Tehafako ianao, Ramatoa Minisitra, satria ho faly aho raha ohatra ka tsy ilainareo. Aleo ianao mijanona ho mpanao gazety ihany, ho faly izany ianao fa holanianay ity zavatra ity.

Faharoa manarak'izany, miombon-kevitra amin'ny teniny Solombavambahoaka hajaina JOHASY RAHARISOA Eléonore teo aho satria rehefa mipoitra io lalàna io, izahay Solombavambahoaka tsy manao an'io lalàna io na ianareo ao amin'ny teknisiana. Mety ho lasa Solombavambahoaka ihany indray andro any, hotorahan'ny olona vato izahay satria hevitr'olona tokana, hevitry ny Fanjakana fa tsy mijery vahoaka akory. Manoloana an'izay, aleo hotohizana ny zavatra nolanian'ny vaomiera teo izay mba tsy ho lany fotoana isika.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot.

**Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot**
Mamerina ny fiarahabana ho an'Andriamatoa Filoha.
Miarahaba an-dRamatoa Minisitra sy ny mpiaradia aminy.

Zava-dehibe ny “informations” raha ny hevitro manokana. Araka ny fahitako azy, rehefa hanao “huis clos” isika manidy trano, miandry eo am-baravarana ireo mpanao “investigation” anefa ilaintsika. Amiko tsy misy zavatra atao fa io “France 24” io no jereko ao an-trano ao. Tsara ary ilain’ny Firenena iray io zavatra io satria misy mety hanaonao foana anefa “grace” amin’ireny “investigateur”-tsika ireny no mety hampiova ny toe-tsaina. Anisan’ny fototra hiorenan’ny Firenena anankiray ary manova tantara izany zavatra izany, ka raha ny eritreritro; tsy manakana antsika hanao “huis clos” ny fandaniantsika io zavatra io.

**Andriamatoa FILOHA**
Omena fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka hajaina ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa.

**Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an-dRamatoa Minisitra sy ny teknisiana ary isika Solombavambahoaka rehetra.

Raha ny fijeriko an’izao adihevitra izao, Andriamatoa Filoha, mety tsy mazava tsara amintsika angamba ny atao hoe “huis clos”. Tsy teny Malagasy ka tokony hazavaina tsara ahafahana manapa-kevitra hoe aiza marina ny lalàna sy safidy hipetrahan’ny Solombavambahoaka. Matoa misy ny “secret d’Etat”, tsy isika Malagasy ihany koa no nanao izany fa eran’izao tontolo izao, matoa mipetraka izany misy antony. Ny Fanjakana manana ny atao hoe mpamoaka vaovao, izay angamba no ahafahany mpanao gazety mamoaka vaovao rehefa vita ny “secret” izay ataon’ny Andrimpanjakana na olom-panjakana. Noho izany, misaotra anareo tao amin’ny vaomiera nanao ny asanareo ary tena midera anareo tokoa satria hitanareo amin’ny antsipirihany ity raharaha ity, niteny Ramatoa Minisitra teo hoe faly ka hotazominay izay hafaliana izay.

Misaotra indrindra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenena manaraka ny Solombavambahoaka hajaina RAFIDIMANANA Narison.

**Andriamatoa RAFIDIMANANA Narison**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Misaotra an-dRamatoa Minisitra sy ny mpiara-miasa aminy.

Tsy mipasoka ny efa malama aho Tompoko, tiako apetraka amintsika fa raha nisy ny “proposition” nentin’ny Minisitra eto, averiko ihany fa ankasitrahana izany. Heveriko fa maromaro aminay eto, ary azo lazaina fa zato isan-jato no hifidy an’ity lalàna ity.

Te hametraka teny kely aho, mialatsiny, Ramatoa Minisitra, manatona anao moramora mihitsy aho; anisan’ny olona nankafy voalohany aho vao lasa Minisitra ianao, noho izao taonao izao. Mitondra an’ity làlana ity ianao, tsy mijery hoe andeha hanao an’izao ho an’ny mpanohitra fa ho an’i Madagasikara, tena izay no jerenao, Ramatoa Minisitra.

Androany anefa ianao Ramatoa Minisitra, nalainao kely amin'ity lalàna ity ny maha mpanao gazety anao, miteny an'izay fotsiny aho satria naka kely momba izany ianao rehefa "huis clos". Te hitodika amintsika Solombavambahoaka aho, isika ihany no mamoaka ny ataontsika any amin'ny mpanao gazety. Avy eo isika hiteny amin'izy ireo hoe fa nisy fahadisoana nataony mikasika izany ary hanasazy mihitsy aza, amiko tsy mety izay zavatra izay. Ramatoa Minisitra, nahafinaritra ahy ny zavatra nataonao satria anisan'ny manam-pahaizana ianao ary manana traikefa, indrindra tany amin'ny mpanohitra anao teo aloha. Hainao tsara ny nandanjalanja an'izany rehetra izany. Rehefa ny marina no lazaina, izay no izy na tsy mety aminareo IRD aza ny filazan'ny Antoko tsy miankina an'izany. Amiko, Ramatoa Minisitra, angamba anjaranay Solombavambahoaka no mametra ny maha "huis clos" ny zavatra ataonay.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Satroka Ny Solombavambahoaka TSABOTOKAY Honoré, manaraka azy Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'arc.

**Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Angamba efa henontsika daholo ny fandehan-javatra ato, momba ny eritreritry ny andaniny sy ny ankilany. Aminay manokana, andao isika hiroso amin'ny tsangan-tànana satria mandeha ny fotoana, no sady mbola mbola hamonjy "huis clos" ihany koa izahay avy eo.

Misaotra Tompoko.

**Ramatoa Masy GOULAMALY Marie Jeanne D'arc**
Andriamatoa Filoha, ohatra ny voalaza teo ihany. Angamba, Ramatoa Minisitra, ny votoatin'io lalàna natao io tsy nolavin'ny Solombavambahoaka, fa ny resaka "vie privée"-nay kosa no angatahanay. Tsangan-tànana no fomba fanaontsika, izay lany eo ataoko fa eken'ny rehetra.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Mamarana ny fandraisam-pitenenana ny Solombavambahoaka hajaina RAKOTONDRASOA Fetra

**Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miala tsiny fa ohatra ny miverimberina satria tsapako ihany hoe misy resaka tsy mifankahazo ity lalàna ity. Samy hafa mihitsy ny hoe "huis clos" sy ny hoe "vie privée".
Io lalàna izay manoloana antsika io dia misy famaritana ny antsoina hoe "vie privée" ao anatiny izay holaniantsika ao ambany ao.
Iray izay.

Faharoa, ny resaka “secret d’Etat” sy ny sisa. Ireny ihany koa misy andinin-dalàna mametra hoe ireto no vaovao tsy azo avoaka satria mety manohintohina ny fiandrianam-pirenena na ny “sécurité”. Ohatra, mikasika ny Miaramila.

Tsy resaka “huis clos”.
Izao kosa, ity lalàna ity tsy miteny hoe tsy azontsika atao ny manao “huis clos. Azontsika atao ny manao izany tahaka ny anaovan’ny Andrimpanjakana hafa na mpanao politika hafa manao izany any aminy. Marina ny teninareo teo; ny mampivoaka ny vaovao ato anatin’ny “huis clos” dia isika mpikambana ato anatiny ihany. Koa raha navoakatsika tamin’iretsy mpanao gazety iretsy ohatra ny “huis clos”; izaho ohatra, Solombavambahoaka Fetra RAKOTONDRASOA, niresaka tamin’ny mpanao gazety hoe ireto izahay ao, mivory tahaka izao ary namoaka ny mpanao gazety. Hosaziana ve ny mpanao gazety. Izay ity satria namoaka ny “huis clos”. Izay ny “droit à l’information” tokony homentsika ny vahoaka. Izay no anisan’ny iadiana ao anatin’io. Tafiditra ao anatin’ny “liberté d’expression”-n’ny mpanao gazety.

Misaotra betsaka, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**
Hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra isika izao.

Ny fanontaniana mipetraka amintsika aloha izao, amin’ny andininy faha-7

Atsangano ny tànan’izay manaiky ny asam-baomiera.
Izay milaza fa haverina io andininy io rehefa avy eo, manangana tànana.

Izany hoe raha manaiky ny asam-baomiera isika, ny asam-basomiera no laniantsika eto. Raha miteny isika fa haverina io andininy io, tsy ny notapahan’ny asam-baomiera no holaniantsika, fa ny famerenana ny andininy teo.

Hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra isika.

Nolanian’ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana tsy nasiam-panovàna izany.

Iza no manan-kambara amin’izay.

Atsangano ny tànan’izay manaiky ny asam-baomiera tao ambony amin’ny andininy faha-7.

Aleo omentsika fitenenana, Ramatoa Minisitra, azafady.

**Ramatoa RAKOTONDRAZAFY Lalatiana Andriatongarivo, Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina**
Misaotra indrindra, Andriamatoa Filoha.

Ampahatsiahiviko kely antsika fa ny asam-baomiera dia nanafoana io “disposition” araka ny andininy faha-7. Raha tsarina, ny asam-baomiera milaza hoe: rarao ny famoahana vaovao “à huis clos”. Rarana izay. Izany hoe tany amin’ny asam-baomiera izany.

Raha ohatra tsy nanaiky ny asam-baomiera dia mifidy ny "proposition" avy atỳ amin'ny Minisitera. Izay no izy.

Ny tiako isarihana ny saintsika Solombavambahoaka namana fotsiny, aza mibahana amintsika Solombavambahoaka ny resaka "huis clos". Handray ohatra iray faran'izay mitobina aho. Mety ho "cas extrême" be ity zavatra hoteneniko ity, fa izay no tena mahalaza azy. Andao ho hatao nivory izahay tao amin'ny Governemanta. Tsy misy aloha izany izao, tsy misy akory, fa alaiko "cas extrême" mba ahatsampantsika azy. Aza matahotra fa tsy ianareo Solombavambashoaka no kendrena ka hoe miompana aminareo Solombavambahoaka. Ohatra hoe nanapaka izahay tao amin'ny Governemanta; "huis clos" io. Izany hoe adihevitray tao amin'ny "Conseil du Gouvernement" na "Conseil des Ministres" fa horavana ny Antenimiera. Hamoaka an'izay ny mpanao gazety rahampitso, hoy ianareo hoe sazio izy raha vao manao izay. Ny dikan'izay, nekenareo ny adihevitra nandeha tao amin'ny «huis clos» nataonay. Izay no zavatra tiako hotenenina. Nahoana ny mpanao gazety manao "investigation" no hosaziantsika. Tsy zontsika ve ny mahalala vaovao. Aza raisina ho antsika Solombavambahoaka hoe ny "huis clos" ato amin'ny Solombavambahoaka izay; fa ny zon'ny olom-pirenena hahalala vaovao no tokony hipetraka ao anatiny. Izahay androany izao, miady ny fanaovana "investigation" izay tokony hapetraka. Hoy ianareo hoe: tsy mety izany, ianareo mpanao gazety no voasazy amin'izay. Aoka hapetraka tsara izay, fa tsy izahay Minisitera, fa ianareo mpanao gazety no voasazy amin'izany. Ianareo no mahay hoe nanao ahoana ny fandehan'ny adihevitra tato.

Misaotra indrindra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra betsaka, Ramatoa Minisitra.

Hiroso amin'ny fanapahan-kevitra isika izao.

Izany hoe ny manaiky ny asam-baomiera izany dia manaisotra izay zavatra izay ao anatin'ny andininy.

Atsangano ny tànan'izay manaiky ny asam-baomiera mikasika io andininy faha-7 io.

- Solombavambahoaka miisa 37 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Solombavambahoaka miisa 2 no nanangan-tànana -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka miisa 4 no nanangan-tànana -

Ambarako fa lany ny volavola tany amin'ny asam-baomiera.

Andininy faha-8: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana fa nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika izay andininy izay.

- Tsy misy -

Tsara napetraka hatrany amboalohany, fa nisy asam-baomiera lany natao, koa rehefa ekentsika ny asa nataon'ny namantsika tany amin'ny asam-baomiera dia ny asam-baomiera izany no hizorantsika; fa rehefa manohitra an'izay isika dia mijanona amin'ny "version initiale" ihany. Efa nomena antsika izay volavolan-dalàna rehetra izay.

Andininy faha-8 isika izao Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoaka hajaina isany.

Atsangano ny tànan'izay manaiky ny asam-baomiera.

- Solombavambahoaka miisa 32 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Solombavambahoaka miisa 2 no nanangan-tànana -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny asam-baomiera mikasika ny andininy faha-8.

Andininy faha-9 ka hatramin'ny andininy faha-11: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

Ramatoa Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore, manan-kambara. Izany hoe mikasika Andininy faha-9 ka hatramin'ny andininy faha-11, tsy nokitihan'ny asam-baomiera fa ny dika hatrany amboalohany ihany no narahiny.

**Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mikasika ny "autorité administrative" no tiako hasiana fitenenana.
Araka ny fanazavana nentin-dRamatoa Minisitra teo, "autorité administrative indépendante" no tian'izy ireo hapetraka amin'ny ANRCM izany.
Rehefa nijery antotan-kevitra vitsivitsy ny tenako; araka ny fanontaniana napetrako teo hoe: ahoana tsara no fipetraky ny "autorité administrative indépendante". Tsy nahita loatra aho amin'ny lalàna velona eto amin'ny tany sy ny fanjakana hoe ahoana ny mikasika azy io; raha ny ARMP nolazain-dRamatoa Minisitra teo. Ny tenako koa nandray ohatra azy io ary nijery tao amin'ny tranokalan'ny Minisiteran'ny Toe-karena sy ny Tetibola fa EPA ny ARMP.

Raha vakiana ny lalàna mikasika azy io sy ny “Code de Marché Public”; manazava fa “autorité administrative indépendante” ny ARMP ary “établissement public à caractère administratif” izy amin’ny «statut juridique»-ny. Raha mieritreritra aho hiafara ohatran’izay koa ity ANRCM ity. raha nisy tolo-dalàna hafa noentina teto amin’ny Antenimiera izay nakana ny hevitry ny Minisiteran’ny Serasera sy ny Kolotsaina tamin’ny fotoan’androny, nametraka ry zareo fa na “établissement public national» izany na «état» na «éthique», tsy tokony hisy fametrahana «mandat» ho an’ny olona izay mitantana azy io. Maro ny fanazavana nentin’izy ireo tamin’izay fotoana izay; koa amin’ity lalàna ity, manahy aho; ohatra ny ahiahin’izy ireo tamin’izay fotoana izay ihany ny lalàna nentiny eto ka hifindra mankany amin’ny tsy mety isika. Nokian’izy ireo tamin’izay fotoana izay ity andininy faha-11 ity izay manova ny andininy faha-51.

Izay no tiako entina eto, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**
Izany hoe raha azoko tsara dia “constat” no nambaranao teo, sa manana soso-kevitra mazava ianao mikasika ny «autorité administrative compétente».

**Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore**
Ny tiako hotenenina, tokony hatao mazava tsara eto avy hatrany hoe inona no tiana hapetraka amin’ity ANRCM ity mba hampazava ny resaka any aoriana, satria raha ohatra izao, “établissement public” ohatran’izao no voatery nofoanana tamin’ny fotoan’androny fa nitondra tamin’ny tsy mety. Nametraka “mandat” tany amin’ny mpitantana ny “établissement public”. Izany hoe ny “rattachement” hisy azy rehefa avy eo ve sa izy “indépendante” izany dia mahavita ny zavatra rehetra hataony; sady tsy “éthique” izy no tsy “état” raha ny fahazoako azy. “Indépendante” izy dia izay no mampisalasala ny namana raha azoko tsara, sa ny “mandat”-n’ny mpitantana. Izany hoe ny “Conseil d’Administration” anie izany.

Aleo mazava, Ramatoa Minisitra, azafady.

**Ramatoa RAKOTONDRAZAFY Lalatiana Andriatongarivo, Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Ramatoa Solombavambahoaka; hitondra fanazavana kely “juridique” aho ary angamba homeko an’Andriamatoa «Directeur Juridique» ny fanazavana an’izay, fa hisintona ny saintsika fotsiny aho.

Angamba isika mpanao gazety mahalala an’izay; nisy rafitra iray napetraka teo aloha dia ny “Commission Spéciale à la Communication Audovisuelle” na ny CSCA.
Mitovy amin’io rafitra io ihany, fa ny CSCA natao fanahiniana mihitsy satria ny fanjakana foana no nitantana azy hatramin’izay. Tsy napetraka mihitsy ny sata maha “autorité indépendante” azy. Any ivelany koa raha maharaka isika, misy ny atao hoe CSA na ny “Conseil Supérieur de l’Audovisuel”, tahaka ny any Frantsa. Io no rafitra mitovy amin’ity ANRCM ity.

Marihako tsara, fa tsy manana “Conseil d’Administration” ireo satria raha manana an’izay izy dia lasa «établissement public»; kanefa tsy lalàna tokoa mametraka «établissement public». Noho izany, tsy «établissement public» ny ANRCM, fa «autorité administrative indépendante». Efa nofidina taty aoriana izay «principe de structure» iray izay.

Ny tiana hapetraka ao anatin’izay, Andriamatoa Filoha sy Ramatoa Solombavambahoaka, tsy sanatrian’ny vava hiteny hoe hifehy an’io no tanjon’ny Minisitera, fa ny mifanohitra amin’izay aza; ny hametraka azy ho malalaka arak’izay tratra. Raha vao io «état» io no hamoahana mikasika ny fanomezana «licence», aza hadinoina fa ny «état» dia tendrena «par voie réglementaire» ny olona hitantana azy. Ny dikan’izay, mbola ao anatin’ny “main mise”-n’ny Minisitera ihany no manendry ny lehibe hitarika ny ANRCM. Tsy mitoetra ny “indépendance” tiantsika tadiavintsika ao anatiny raha izay zavatra izay no jerena. Ny famaritana ny satany dia “par voie réglementaire” ihany koa ny azy araka ny noteneniko teo satria ny fananganana «établissement» dia «par voie réglementaire». Matoa natao hanana Filoha ny ANRCM, tokony ao amin’ny Filoha ARMP izy. Ny ARMP, tsy Tale no mitantana azy, fa Filoha ihany koa. Izay Filoha izay dia «élu parmi les membres de l’autorité lui-même», fa tsy «nommé par voie de décrêt» avy amin’ny «Conseil des Ministres». Raha izay no izy, ataon’ny Minisitera ampihimanba satria izahay ihany no hanendry ny Talen’ny ANRCM. Mbola izahay koa no afaka mibaiko azy hoe ranona aza omena «licence», ranona omeo. Tsy izay, Tompoko, no tanjona, fa ny hahaleovany tena tanteraka.
Misy solotenan’ny tsy miankina ao, misy solotenan’ny “fanjakana” ao, misy solotenan’ny “Ordre” ao. Izay no CSA tahaka ny any ivelany. Izany no tadiavintsika ao anatiny, manao izay hampahaleotena ny rafitra mifehy ny tontolon’ny asa fanaovan-gazety mba tsy izay tian’ny Minisitera mpitantana ihany no atao; izay tiana homena “licence”, Ramatoa Solombavambahoaka dia omeko. Tsy tiako homena “licence” indray Ramatoa Solombavambahoaka MASY Goulamaly dia tsy homeko, tiako omena Andriamatoa Pierrot dia omeko. Tsy ohatran’izay intsony, tsy miankina amin’ny Minisitera intsony, fa tena miankina tanteraka amin’io “structure indépendante” io. Tsara ihany ny ametrahana hoe “structure” efa teo aloha io. Tamin’izany fotoana izany, valo no natao solotenan’ny Minisitera tao anatiny, fa telo monja no tsy miankina. Mahita izahay fa tsy mety izany; tokony hatao mifandanja. Napetraka ny “principe de rééquilibrage, principe de représentativité”. Voasolo tena ao anatiny daholo na ny «acteurs concernés» rehetra na ny mpisehatra ao amin’ny tontolon’ny asa fanaovan-gazety na ny «communication médiatisée» na ny holafitry ny mpanao gazety. Amin’izay mba ny mpisehatra rehetra no miaraka mandamina izay tontolony izay.
Izany, Tompoko, ny fomba fiasa napetraka.

Ny “plan juridique” angamba homeko an’Andriamatoa Tale vetivety raha sitrakao, Andriamatoa Filoha, hanazavany iray minitra mikasika izany.

**Andriamatoa FILOHA**
Tena tsara mihitsy ny hanomezany fanazavana bebe kokoa, fa dikan’izay, rehefa “indépendante” ve izy dia tsy misy “institution de rattachement” mihitsy.

Faharoa, tsy misy “organe” ve manana “pouvoir de contrôle” aminy. Raha ohatra manao mihoa-pefy izy, inona no «recours» azon’ny «usager» na ny olona nahazo ny «licence» raha nangataka «demandeur de service» taminy. Izay angamba tsara hazavaina azafady.

**Andriamatoa RAKOTONDRATAFIKA Henintsoa, Tale misahana ny Raharaham-pitsarana ao amin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina**
Misaotra betsaka, Andriamatoa filoha,
Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.

Mikasika ny ANRCM: ny ahy fanazavana ara-teknika no hoentiko eto. Raha izay no izay dia miainga amin'ny "base constitutionnelle". Araka ny andininy faha-95 ao amin'ny Lalàmpanorenana izay tsy zovina amintsika, fa ny manangana «établissement public» dia «par voie légale». Izany hoe, anjaran'ny lalàna no manangana «catégorie d'établissement public». Mety ho «établissement public à caractère administratif», «établissement public à caractère industriel et commercial» raha hoe mihodina ara-barotra izy. Raha te-hanampy ianareo ato amin'ny fahefana mpanao lalàna, "à caractère culturel» ohatra ny any amin'ny firenena hafa.
Ny manangana «établissement», izany hoe «en choix» no manangana azy mivaingana iny dia mitovy amin'ny «article 97 de la Constitution: Les matières autres que celles qui sont du domaine de la loi ont un caractère réglementaire».

Mikasika ity «établissement public» ity, azoko ny ahiahin-dRamatoa Solombavambahoaka hoe: manao ahoana "catégorie", inona izy ity. Ireto no atao hoe karazana «décentralisation». Misy karazany roa izany. Misy ny atao hoe «décentralisation territoriale», ohatran'ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana, fa ireto kosa «établissement public», ny «service» no «décentraliser»-na. Eny na «décentraliser»-na aza ny «établissement public», misy zavatra mampitohy azy amin'ny «pouvoir central» ihany. Iny no atao hoe «lien de tutel». Izany hoe azon'ny fahefana «central» ny mi-«réformer» ny zavatra na ny asa ataon'ny «établissement public». Ity kosa «c'est la forme la plus poussée de la décentralisation» ny nanesorana tanteraka tao amin'ny «centre» ny fahefana dia lasa «autorité administrative indépendante» izy. Izany hoe, ny Ministera tsy afaka mi-«réformer» ny zavatra raisin'ny ARNCM satria «autorité administrative indépendante» izy.

Izao no tiana hotsindriana, ny zavatra apetrany, ataontsika hoe karazana "service public" ihany, fa tsy hiteny aho hoe "service public régalien" kosa fa anisan'ny "service public régalien à l'Etat".
Ny "Administration" aloha tsy maintsy voasolotena ao anatiny satria izay no maha "service public" azy. Nezahina novelarina ny "composition de la RNCM" amin'ny sehatra tsy miankina. Natao ny «rééquilibrage», miisa 6 avy amin'ny fanjakana, miisa 6 avy amin'ny sehatra tsy miankina ary 1 avy amin'ny solotenan'ny «Ordre des journalistes».
Izany rehetra izany dia mba hialana amin'ny «attitude cavalière»-n'ny Minisitera satria araka ny notenenin'ny Solombavambahoaka namana teo, fa mifanakaikaiky fomba fijery amin'ny "povoir central" ihany no mahazo "licence d'exploitation" ary izay tsy mitovy fijery aminy, akatony mihitsy ny "radio" na ny televiziona. Tamin'ity raharahan'ity ANRCM ihany izany, fa tsy misy idiran'ny Minisitera intsony, fa izy no mitantana azy.

Eo no mipetraka ny ahiahy hoe iza no manara-maso ny "acte" raisin'ny ANRCM.
Efa misoratra mazava ao amin'ny "texte" ao amin'ny andininy faha-18 hoe: tsy "contrôle d'opportunité" fanaon'ny fanjakana hatramin'izay hoe tsy metimety aminay ny "acte" noraisin'ny "autorité administrative" fa ovay ohatran'izao na foananay na sintonina. Tsy afaka manao izay intsony izahay.

Raha ohatra misy fihoaram-pefy raisin'ny "autorité administrative indépendante" dia milaza mazava ny "texte" hoe: ny "acte" raisiny hoentin'ny ARNCM dia "actes administratifs succeptibles de recours pour excès de pouvoir devant la juridiction administrative». Izany hoe, «contrôle de légalité» no atao amin'ny «acte» raisin'ny ARNCM fa tsy «contrôle d'opportunité». Nny manao ny «contrôle de légalité» dia ny Filankevi-panjakana, ny «juridiction administrative» fa tsy ny Ministera intsony.
Efa misy «texte» laharana faha-2004-036 mifehy ny «Conseil de l'Etat» manaraka ny «procédure administrative». Ialan'ny Ministera izay fa ity izany tena efa «forme la plus poussée de la décentralisation» mihitsy.

Izaho aza tena mahasahy mirehareha fa tamin'ity fitondrana ity no nahasahy nanova ny "régulation de médias" ho amin'ny "autorité admistrative indépendante". Ny "tendance" raha ohatra hoe fanjakana te-hitazona fahefana, te-hanao "attitude cavalière", azo tsy noforonina anie izy io, fa notazonina na afaka ihany koa notazonina ny "texte" taloha izay 8 no solontenan'ny "pouvoir central" amin'ireo 13 mpikambana tao.

Inona no antony intsinjarana azy raha olona avy any amin'ny "centre" daholo no handrafitra azy. Teo no nahatonga ny namana mpanao gazety sy ny Minisitera niteny hoe andao ho "rééquilibrer"-na mba tsy ho sarintsariny ny "indépendance" fa mba ho tena izy. Andao hialana tanteraka, hotapahina araka ny filazan'ny Filoha any ivelany hoe: hotapahina ny "cordon ombilical" mampitohy ny "pouvoir central" amin'ny "autorité administrative" mba tsy ho voabaiko na hanaraka baiko fotsiny ny "autorité administrative", fa hanaraka lalàna ary hijery ny "intérêt général" no hataon'ny "autorité administrative indépendante".

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra betsaka tamin'izay fanazavana ara-teknika izay.

Handroso isika.

Ny adihevitra teo dia nipetraka tamin'ny Andininy faha-9 ka hatramin'ny andininy faha-11: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Izay no manan-kambara momba izay.
Izay no fanotaniana teo; efa nahazoantsika fanazavana izany. Raha ohatra mbola misy fanampiny, soso-kevitra na fanamarihana avy amintsika, mbola azo raisina ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka.

Atsangano ny tànan'izay mandany an'ireo andininy ireo; ny asam-baomiera mazava ho azy.

- Solombavambahoaka miisa 31 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Ambara fa lany Andininy faha-9 ka hatramin'ny andininy faha-11 araka ny nataon'ny asambaomiera.

Andininy faha-12: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana fa nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany an'io andininy io.

- Solombavambahoaka miisa 32 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-12 voalaza teo.

Andininy faha-13: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara momba izay.

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany ny andininy voalaza etsy ambony.

- Solombavambahoaka miisa 33 no nanangan-tànana -

Izay mtsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Ambara etoana fa lany ny andininy faha-13.

Andininy faha-14: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana fa nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany ny asam-baomiera.

- Solombavambahoaka miisa 33 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Ambara fa lany ny andininy faha-14.

Andininy faha-15 ka hatramin'ny faha-19: nolanian'ny vaomiera fa nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika ireo andininy ireo.

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany ny asam-baomiera.

- Solombavambahoaka miisa 33 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Ambara fa lany koa ny andininy faha-15 ka hatramin'ny andininy faha-19.

Andininy faha-20: nolanian'ny vaomiera, nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany ny asam-baomiera.

- Solombavambahoaka miisa 33 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Ambara fa lany ny andininy faha-20.

Andininy faha-21: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana fa nasiam-panovàna.

Misy manana resahina mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany ny asam-baomiera.

- Solombavambahoaka miisa 33 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany koa ny andininy faha-21 amin'ny volavolan-dalàna ity.

Andininy faha-22: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana fa nasiam-panovàna.

Misy manan-kolazaina mikasika io andininy io.

Atsangano ny tànan'izay mandany ny asam-baomiera.

- Solombavambahoaka miisa 33 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany koa ny andininy faha-22.

Andininy faha-23 sy ny andininy faha-24: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Misy manan-kambara mikasika an'io andininy io ve.

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany ny asam-baomiera.

- Solombavambahoaka miisa 35 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny andininy faha-23 sy ny andininy faha-24.

Andininy faha-25: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana fa nasiam-panovàna.

Misy manan-kambara mikasika io andininy io ve.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka voafidy tao Miarinarivo Itasy.

**Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra**
Misaotra betsaka, Andriamatoa Filoha.

Araka ny adininy faha-25 izay miresaka ny fahefana ananan'ny mpanao gazety mpikambana ao amin'ny holafitry ny mpanao gazety, ny manala na manongana ny Filohan'ny holafitry ny mpanao gazety dia nesorina tao anatin'ny fanitsiana ny asam-baomiera; lasa tsy manam-pahefana hanala ny Filohan'ny holafitry ny mpanao gazety mandritra ny fotoam-piasana intsony. Te-hanipika kely ny tenako. Ny tiako lazaina dia hoe tokony homena fahefana ny mpanao gazety raha hita fa tsy mahatanteraka ny asa izay ataony ny Filohan'ny hoolafitra. Mametraka olana matetika izany satria mandritra ny fotoana maro, toa mitongilana mankany amin'ny fanjakana, ka lasa mihanahana ny mpanao gazety, tsy hitan'izy ireo intsony izay hatao. Raisina ohatra farany, tsy tokony hisy ny "mouvement pour la liberté d'expression", raha toa ka niaraka niady tamin'ny mpanao gazety ny Filohan'ny holafitry ny mpanao gazety.

Tamin'ny vanim-potoana nitondrany, nirona nankany amin'ny fanjakana ny fandaniana ireo lalàna teto amin'ny Antenimierampirenena sy tany amin'ny Governemanta. Noho izany, tsy hitan'ny mpanao gazety intsony izay hatao, ka lasa niforona ho azy ny "mouvement pour la liberté d'expression".
Ny hevitra tianay aroso, Andriamatoa Filoha, tokony holaniana araka ny nanoratan'ny Minisitera azy ny andinin-dalàna faha-25 ao amin'ny lalàna mifehy asa fanaovan-gazety mba ahafahan'izy ireo miresaka mikasika ny asa ataon'ny Filohany.
Misaotra indrindra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra ny Solombavambahoaka nanome izay soso-kevitra izay.
Omena fitenenana ny Solombavambahoaka voafidy tao Ambatondrazaka

**Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ny nahatonga ity raharaha ity ho adihevitra tao amin'ny vaomiera ary ny nahatonga ny fanalalana azy dia ny fombafomba entina manala ny Filoha voafidy no niteraka adihevitra. Ny niafarany, tsy vitanay Solombavambahoaka sady mpanao gazety ihany, fa teo koa ny teknisiana avy amin'ny Ministera ary mbola nisy mpitsara koa tao. Raha tena nandeha ny adihevitra, ny niafaran'izay noho izany tsy nety vita no nahatonga an'io hoe andao foanana satria tsy hita ny itadiavana marimaritra iraisana sy ny fomba entina hanalana ny Filoha satria ny rijan-teny nentin'ny Minisitera hanalana ny Filoha no niteraka ny adihevitra satria tsotra loatra ny fomba noentina analana ny Filoha kanefa mpanao gazety ihany no mifidy azy.

Raha fintinina ny sary mivoaka dia tahaka izao: raha mifidy ny Filohan'ny holafitra izahay teo aloha, ny Minisitera no miantso, fa tsy voaresaka ato anatin'ity andinin-dalàna ity izany, fa tena niova tanteraka. Lasa miala ao anatin'ny fitantanana ny holafitra mihitsy ny Minisitera raha toa lany ny lalàna izay hodinihantsika. Izany hoe miova ny fiainan'ny holafitry ny mpanao gazety. Lasa mahaleotena kokoa izy; izy no mikarakara ny fifidianana satria rehefa atao ny fanalana ny Filoha izay lany, tsy ireo mpanao gazety rehetra voaantso nifidy ny Filoha no manala azy fa misy fetr'isa enjehina. Raha toa tsy tratra izany, afaka miverina indroa izay. Koa izay tonga eo na firy ny isan'izy ireo dia afaka manala ny Filoha. Izany no niteraka adihevitra. Raha toa misy adihevitra, aoka hiverina mihitsy, henoina ny "texte" aloha. Izany hoe ny rijan-teny amin'izay azontsika tsara ny antony niteraka ny adihevitra tao anatin'izany satria izay no tsy nekena; io ve no fetr'isa tian'ny mpanao gazety, aleo tsy eto Antananarivo ihany no atao hoe mpanao gazety, fa raha hifidy Filohan'ny holafitra izahay mpanao gazety dia hatrany ambany. Misy mpanao gazety miakatra eto. Raisina ohatra amin'izany ny mpanao gazety avy any Fort-Dauphin, miakatra eto, mandany fotoana izy ireo mifidy mankany amin'ny renivohi-paritany, fa rehefa hanala, mety mpanao gazety vitsy an'isa izay tonga ihany no manala azy. Izany anton-javatra izany no miteraka adihevitra betsaka satria na ny fomba fanaovana "procuration" atsy sy aroa aza miteraka olana.
Noho izany, rehefa nolaniantsika ny Filoha, aleo avela ho tapitra ny fe-potoana iasany vao miala izy raha toa ka nofidin'ny mpanao gazety, fa tsy izy intsony ianao dia esorina amin'ny toerany izy raha tsy mifidy azy intsony ny mpanao gazety. Rehefa tsy eken'ny mpanao gazety miverina izy dia tsy miverina intsony.

Tsy fahita loatra tao aminay mpanao gazety ny tahaka ireny nandritra izay “mandat”-n’ny Filohan’ny holafitra nifandimby teo izay; na tsy nekenao aza ny Filoha lany dia tsy noeritreretinay ny hanalana azy amin’ny asany satria tsia misy tambiny loatra ny fanendrena azy eo amin’io toerana io, fa mbola manana adidy goavana ny tenany amin’ny fiarovana ireo mpanao gazety tsirairay avy. Noho izany, lasa toerana sarotra be no misy ny Filohan’ny holafitra, fa ifaninanana ny fomba fanesorana azy eo amin’ny toerana iasany.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**
Satroka manaraka ny Solombavambahoaka hajaina voafidy tao Vohipeno.

**Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Teo no tena nahabe resaka tokoa. Raha ny tenako manokana, tena tsy nanaiky ny hanao “amendement” tamin’ity tamin’io fotoana io. Raha tsorina ny antony, tsy manana fahefana ohatra ny inona aza ny rafitra teo aloha dia nampihatra ny fahefany; vao maika izy tsy hokitihina, hanao izay danin’ny kibony ao anatin’ny 4 taona. Izay zavatra izay, Andriamatoa Filoha, no manjary miteraka adihevitra ary ny iafaran’izay, ny fanajanonana na ny fanesorana ny Filoha mihitsy aza. Izany no antony. Eto an-toerana ihany koa ianao, Ramatoa Minisitra, hangataka fitenenana hanazava bebe kokoa, fa raha amiko manokana, tokony haverinany “gestion” tany amin’ny Governemanta izy ity ary tokony hojerena ny pitsopitsony amin’ny fanalana azy.

Misaotra betsaka, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**
Omena fitenenana, Ramatoa Minisitra, mba ahazoantsika fanampim-panazavana bebe kokoa.

**Ramatoa RAKOTONDRAZAFY Lalatiana Andriantongarivo, Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Hitsangana kely ny tenako raha sitrakareo.

Izay mihitsy no tiako hamakiana ny “dispositions” nesorin’ny vaomiera satria izay no hanazava amintsika kokoa ao anatin’ny fandraisana fanapahan-kevitra. Tiako ny mametraka “principe” anankiray hoe na ny Filohampirenena lanim-bahoaka aza, azo atao ny manala azy “par une procédure destitution ou d’empêchement” na “déchéance”. Noho izany, tsy misy olona napetraka nofidiny na notendrena hoe tsy azo esorina amin’ny toerany izany mihitsy. Izay no “principe” tena “élémentaire” mamehy azy.

Isika Solombavambahoaka ihany koa, manao ny “procedure” ahafahana manao ny “déchéance”-ntsika rahatoa tsy manao ny asa isika na misy fahadisoana lehibe sns...; na ny Filohampirenena na ny Praiminisitra na ny Minisitra tsy ankanavaka, “par principe”, azo atao ny manala azy.

Tsy ianareo Solombavambahoaka no esorina, fa fanoharana fotsiny ny ahy teo; na iza na iza tonga eo amin'ny toerana anankiray, tokony ho fantany tsara ny asa miandry azy sy tokony hataony ihany koa. Rehefa tsy mahatanteraka izany ny tenany, afaka manana fahefana ny hanala azy ny olona nifidy azy.

Araka ny tenin'ny Solombavambahoaka hajaina RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle teo, tsy ny "principe" fanalana no iadiana hevitra, fa ny "mode de procédure" hanalana azy. Hovakiako etoana ny voalazan'ny andininy faha-25 izay lasa "article-55 ter nouveau".
Tahaka izao no voalaza ao amin'ny andininy faha-55 «ter nouveau: l'Ordre des Journalistes de Madagascar peut d'émettre son Président de ses fonctions si une demande en ce sens est faite par le tiers de ses membres régulièrement inscrits».
Tsy hoe olona iray no mangataka, fa ny 1/3 farafahakeliny.
"Le cas échéant, le Président de l'Ordre est tenu de convoquer une Assemblée Générale dans un délai de huit (08) jours francs à partir de la saisine de ce dernier par les tiers des membres».
Manao "saisie" an'io izy ary afaka 8 andro manao fiantsoana fivoriambe.

"La convocation faite par le Président à tous les membres de l'Ordre doit obligatoirement contenir l'Ordre du jour dont le vote de destitution du Président et de son bureau».
Mazava ho azy fa tsy «préciser»-na rehefa hanao fiantsoana fivoriambe hoe izao no lahadinika hataontsika ao.
«L'Ordre des Journalistes ne peut délibérer», izay no arofanina ao amin'ny «procédure» notenenin'ny Solombavambahoaka teo, «délibérer valablement sur la destitution que lorsque la majorité absolue». Ny antsasamanila, «de ses membres régulièrement inscrits sont présents ou représentés».
Izay angamba no hadinon'Andriamatoa Solombavambahoaka satria ny "présents ou qui se sont représentés"; na ataontsika ohatra any Ambanja ny mpikambana ny mpanao gazety voasoratra ara-dalàna ka manome "procuration légalement ou régulièrement représenté» ka manome fahefana ny mpikambana tonga ao dia ohatran'ny fanomezam-pahefana rehetra atao mikasika ny fifidianana rehetra manerana izao tontolo izao. Tsy ny tenanay no mamorona "procédure" hafa, fa zavatra atao ao anatin'ny trangan-javatra tahak'izao izany.

Ankoatran'izay, mbola misy arofanina hafa napetrany manao hoe: «Néamoins, si le quorum n'est pas atteint après une première convocation régulièrement fait, la délibération prise après une seconde convocation à cinq (05) jours au moins d'intervalle».
Izany hoe omena fotoana 5 andro ny olona raha ohatra tsy tratra ny fetr'isa tamin'ny fivoriana voalohany ahafahana mikarakara izay fifidianana izay.
«Est valable quel que soit le nombre des membres présents ou représentés». Izay tonga eo no mandany azy. Tena «procédure» ara-dalàna izany «on a jamais rien inventé», mba hahamora ny fanalana ny Filoha. Mifanohitra amin'izay aza, ho fiarovana azy izay «procédure» izay ary tsy misakana ny fisian'ny «principe» hoe: na iza na iza rehefa hitan'ny mpanao gazety nifidy azy fa tsy mahatanteraka ny asa nampanaovina azy dia azo esorina amin'ny toerana nametrahana azy.

«Le Président et son bureau n'est destitué que si la motion a été adopté par les 2/3 des membres».

Mitovy amin'ny atao hoe 2/3-n'ny mpikambana, mitovy amin'ny rehetra ihany «légalement inscrits au tableau de l'Ordre présents ou représentés».
Zava-dehibe ny teny hoe «représentés». Raha toa olona 10 no tonga nivoryka nitondra «procuration» tsirairay avy, angamba tsy tokony hipetraka ny olana.

«Le cas échéant, le Président déchu est dépossédé de tous les pouvoirs rattachés à la Présidence sauf l'expédition des affaires courantes jusqu'à l'élection du nouveau Président ainsi que de son bureau dans un délai de quinze (15) jours».

Andriamatoa Filoha, izay ny mikasika an'iny, fa ho anareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, heveriko koa fa lava dia lava ny mangataka aminareo Solombavambahoaka mba handany ny mikasika an'ity lalàna ity tsy hanaovana fanararaotam-pahefana rehefa tonga amin'izay toerana izay izy.

Koa satria tsy azo nokitihana izy hatramin'izay nifidianan'ny Solombavambahoaka azy izay, koa mazava ho azy, fa ny Fanjakana indray no arovana. Tokony hapetraka ho an'ny ho avin'ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety izay zavatra izay amin'ny ankapobeny.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra an-dRamatoa Minisitra nanome tamin'izay fanampi-mpanazavana izay.

Omena satroka ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore. Avy eo mandray fitenenana Ramatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée sy ny Solombavambahoaka RAFIDIMANANA Narison ary Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle.

**Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore**
Misaotra namome fitenenana, Andriamatoa Filoha

Teboka roa no tiako hanaovana satroka.

Voalohany indrindra, mandroso ny fotoana, efa manondro amin'ny 2 ora sy sasany, tolak'andro, ny ora. Efa tamin'ny 9 ora, maraina, no nanombohan'ny asam-baomiera. Tsy fantatro ihany koa raha efa nisy nanomana ny mikasika ny tohanaina.

Faharoa manaraka izay, mbola averiko etoana fa tsy ny Ministera mihitsy no itodiako fa ny fomba fiasanay no apetrako. Rehefa misy "texte" taloha ovaina ho "texte" vaovao ka tokony izahay ato ihany no manao izany. Izao anefa, tsy manana izahay ka tokony homena ny teo aloha hanaovanay fampitahana.

Farany Andriamatoa Filoha, Mbola satroka ihany. Miala tsiny amin'ny tatitra nataontsika ity, efa nanatona ny Filohan'ny vaomiera ihany ny tenako nanamarina izany ka tsy fantatro na izho no fanina na ahoana. Misy filazana ato hoe misy fanovàna ny andininy faha-15 hatramin'ny faha-19, ary lany nasiam-panovàna, miampy hoe jereo ny tovana, raha nijery anefa aho tsy hita io tovana io. Sanganehana ihany ny tenako amin'izany satria nisy fanovàna natao kanefa ny zavatra nangatahako tsy fantatro hoe ao ve sa tsia.
Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Miangavy antsika Solombavambahoaka namana mba aharitra fa kely sisa dia vita izy ity.

**Ramatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée**
Misaotra betsaka, nanome fitenenana.
Misaotra an-dRamatoa Minisitra namaky ny “texte” teo.

Misy zavatra iray somary maha lasa fisainana ahy kely. Alefa ny fivoriana anefa araka ny tenin’ny Solombavambahoaka teo misy ny avy lavitra tonga manatrika eto. Izao no olana mipetraka, rehefa ho avy ny fotoana tsy mahafaly ny vahoaka, ka te hanala azy amin’ny toerany, ahoana raha toa tsy manana fahafahana miakatra atỳ Andrenivohitra. Alefa indray mandeha, in-droa ny fivoriana, ny fanomezam-pahefana amin’ny olona mandeha miakatra atỳ mihitsy no tena. Iza no omena fahefana. Hanome fehefana ny tenany amin’ny mpikambana atỳ Antananarivo ve izy. Tsara raha mazava tsara ity raharaha ity satria amiko manokana aleo tazonina ny tamin’ny voalohany fa tsy ovàna. Izay no tokony ho izy, Andriamatoa Filoha.

Misaotra anareo.

**Andriamatoa RAFIDIMANANA Narison**
Mikasika ny fanalana olona ao anatin’ity zavatra ataontsika ity, mety ve raha fanomezam-pahefana no hanaovantsika izany satria miteraka ahiahy ny ho ao ambadika. Tsara ihany ny namakian-dRamatoa Minisitra momba ny rijan-teny teo.

**Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle**
Raha hipetraka amin’io, indraindray lasa tsy marin-toerana ny “ordre” ka hikorontan-dava hoe misy anongana indray izy. Toy izay foana ny raharaha asa fanaovan-gazety, tsy manao ny asany satria kely loatra ny isa ahafahana manongana azy. Rehefa ohatra ka tsy tratra ny isa, izay tonga eo na firy na firy azo atao, izay anie no olana misy. Rehefa tsy nasiana faharoa, ny antsasa-manila no isan’ny mpanao gazety voasoratra ao anatin’ny karatra, angamba tsy misy olana aminay izany.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa IDEALSON**
Misaotra nanome fitenenana.

Manamafy ny fiarabanana an’Andriamatoa Filoha sy ianareo eny amin’ny pilipitra.
Miaraha an-dRamatoa Minisitra sy ny ekipa miaraka aminy ihany koa.

Nanaitra ihany ny nanesorana azy tamin’ny tsy ara-dalàna satria tsy voasoratra ao anatin’ny lalàna ny izany. Raha ny zavatra arosonay, efa nohazavaina teo, azo esorina ny Filohan’ny holafitry ny mpanao gazety satria toa izay ireo rehetra nandray fahefana hatramin’izay. Lalàna no hofidina, tsy misy olona nomem-pahefana ka tsy azo esorina eo amin’ny toerany, mitovy hevitra amin’ny teo aloha aho mikasika izany antony tsy fanoratana ny fomba fanesorana ny Filohan’ny holafitra izany. Tsara ho fantatra fa efa niainan’ny mpanao gazety teo aloha izy io.

Tsy azo atao ny manala azy fahatany fa misy fanapahan-kevitra raisina satria hisy olona hotendrena hafa hisolo azy eo na fifidianana eken'ny saina aman'eritreritra manaisotra azy. Ny olona nifidy azy ihany nanome fahefana azy ny "principe d'acte contraire"-n'ny anaran'izay olona nandany azy. Izany hoe, raha ny olona nanome fahefana ihany no manaisotra noho ny hadisoana maro isan'ambaratongany izay voafetra ihany, tsy misy zavatra tsy ara-dalàna na tsy araka ny hitsiny eto. Mbola misy arofanina mipetraka nazavaina teo fa ny fomba fanesorana azy ampisehoana ny olona mba ho hita hoe tena tsy ho azon'ny Fanjakana ho roahina amin'izay itiavany azy, na ny mpanao gazety, ny Filoha.
Ity no tiako hisintomana ny saintsika, manomboka amin'izao androany izao raha vao lany io hitandrina amin'izay ny Filohan'ny holafitra amin'ny fahotana mahafaty mety hataony satria fantany hoe azo ahongana ny tenako na vitsy an'isa aza izy ireo. Tsy izay ve no tadiavintsika, amiko aleo hijanona amin'io fa mety io, koa mangataka antsika hifidy amin'izay.

Mankasitraka Tompokolahy,
Mankatelina Tompkovavy.

**Andriamatoa FILOHA**
Mangataka satroka ny Solombavambahoaka HENRI JEAN MICHEL.

**Andriamatoa HENRI JEAN MICHEL**
Azafady, Andriamatoa Filoha, izay fialan-tsiny izay mihitsy no andraisako fitenenana ho antsika Solombavambahoaka.
Ho an-dRamatoa Minisitra sy ny ekipany, toa tsy mahalala fomba izahay ato, tsy nampoiziko hoe ho taritina lava be ohatr'izao ity lalàna ity. Manontany aho hoe, adiny roa ny «sandwich», ny sakafo kosa adiny telo ka inona moa no itaritana an'ity lava be toa izany. Mikasika ny fanazavan-dRamatoa Minisitra teo hoe, ity lalàna ity anie raha tsy novaiana mety ho an'ny mpitondra kanefa ny antony anaovana azy mety amin'ny mpitondra HVM teo aloha fa tsy amiko velively.
Ny antony itondrana ity fanovana ity, satria ny lalàna tsy natao ho an'ny olona na ny mpanao gazety ihany na ho an'ny "Regime" fa natao ho an'ny Firenena, ka tsy fantatro hoe inona no itaritana azy fa tokony hanao fandaniana isika. Miala tsiny aminareo Solombavambahoaka sy Ramatoa Minisitra, ny sakafo tara satria tsy nisy niteny mialoha teo hoe hanamboarana sakafo ny ato.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Efa misy fandaharana natao teo, nanao satroka teo ny Solombavambahoaka MASY Goulamaly Marie Jeanne D'arc, fa raha ohatra ka tsoahiny izany mandray fitenenana ny Solombavambahoakan'Avaradrano, Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina.

**Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.
Ombakomanana ny fiarahabana natao rehetra teo.

Raha ny fijeriko azy, tsy ny mpanao gazety ihany no manana “ordre” fa maro be no mahazo izany, to any Dokotera sy ny Mpisolo vava, ohatra ka raha ataontsika manan-kery ho an’ny olona rehetra ny lalàna, mety azo ekena. Ny “code de la communication” no resahana angamba ho satan’ny “ordre de journaliste” satria ny rehetra na ny “fédération sportive” aza mana an’io sata io ka azo ahongana ny Filoha. Misy “quitus” izay angatahana isaky ny faran’ny taona amin’ny “ordre de médecin”, Dokotera aho mahalala izany sata izany. Rehefa ampidirina amin’ny “code de médecin” ny fifidiana “ordre”, mety hikorantana ny satan’ny “ordre de journaliste” satria hipetraka io zavatra io. Izay no fangatahana, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**
Mandray fitenenana ny Solombavambahoaka RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle.

**Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle**
Mankasitraka, Andriamatoa Filoha.

Mbola manamafy ny teniko teny am-boalohany hatrany aho. Nandeha hono Andriamatoa Kestora, vita ny azy ka lasa izy, eo no ahitantsika azy satria izao no antony, isika mpitondra Fanjakana tsy kilalao ity zavatra ataontsika ato ity Andriamatoa Filoha fa fiainampirenena. Lalàna mifehy ny serasera izy ity ka tsy hoe rehefa tsy manomana izay izy amin’ny maha rafitra ato amin’ny Antenimierampirenena azy, ny asantsika no lasa omen-tsiny. Izy anie no tokony nahafantatra, anefa hitany fa tsy mbola rava ny ato tsara raha manontany izy. Misy mpiara-miasa amin’azy ao, maninona raha manontany izy hoe manahoana angaha ny asa atao ao amin’ny «séance plénière» ao satria tsy fantany hoe misy izany androany. Manome tsiny antsika indray izy ka ohatran’ny fitondrantsika adihevitra no misy olana, tokony hazavaina hoe omena fitenenana ny Minisitera. Isika Solombavambahoaka ve tsy omena fitenenana fa tampenam-bava ohatran’izany dia mety amintsika. Miainga avy amin’olona tomponandraikitra tahaka ireny no melohina, Andriamatoa Filoha. Tsy mety izany fa ato amintsika no manomboka ny Demokrasia ka tsy tokony ato no hisian’ny fandrarana. Fanamarihana anankiray ataoko izay voalaza teo izay.

Nanaraka ny adihevitra teo aho, miombon-kevitra amin’ny resaka nataon’ny Solombavambahoakan’Avaradrano teo aho hoe afaka atao any amin’ny sata izy ity satria izahay nivory teto nisy teknisiana mpahay lalàna sy «Magistrat» avy amin’ny Minisitera. Niaraka tamiko teto Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré ka niara-nidinika fa tsy izay anefa ny «position» tao, matoa tonga amin’ny lalàna noho ny adihevitra be natao tamin’ny Filohan’ny vaomieran’ny serasera. Tsy misy an’izany zavatra fahatany izany fa lany aiky izahay tao hisian’ny marimaritra iraisana mba hidirana lalindalina kokoa. Nisy nilaza teo hoe alefa any amin’ny sata, tsy azonay hevitra tao izay ka hahatsara azy aleo hitovy hevitra isika hahatsara an’io. Tsy ho lasa lalàna fa tsara raha alefa any amin’ny sata mifehy ny fikambana, any no mipetraka izy fa tsy ataontsika lalàna holaniantsika eto amin’ny Antenimierampirenena ny resaka fanalana Biraon’ny «ordre». Amin’izay fotoana izay, lasa rafi-panjakana ity «ordre»-n’ny mpanao gazety ity. Esorina ny Minisitera tsy hikitikitika azy ka isika no hanome toerana lehibe izany.

Mankasitraka, Andrimatoa Filoha.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra betsaka antsika rehetra nandray fitenenana.

Lasa fanontaniana telo izany no mipetraka.
Voalohany ny asam-baomiera, faharoa momba ny eritreritra avy any amin'ny Minisitera tsy kitihina amin'ny dikany voalohany, fahatelo misy hevitra manao hoe na ny "reformulation" no esorina mihitsy ka alefa any amin'ny sata. Manaiky izany ve isika rehetra.
Aleo hiroso amin'ny tsangan-tànana isika.

**Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc**
Sosokevita ity satria raha azoko tsara, izay no tian-dry zareo ato amin'ny Minisitera hatao hoe tokony hisy an'izay lalàna mipetraka izay hisian'ny arofanina. Momba ny Filoha holafitry ny mpanao gazety, raha arakaraka ny isa misy eo na 50% no tonga fa tsy ny isan'ny mpanao gazety rehetra manerana an'i Madagasikara angamba tsy mety. Raha toa 2/3-n'ny mpikambana rehetra no tonga eritreretiko hoe mety ho «reformuler»-na kely ny fehezanteny ao. Raha tsy izany, ampidirina ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy anareo izay zavatra izay.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery**
Aza lany andro amin'io isika, Andriamatoa Filoha, manana Fitsipika Anaty mifehy azy ireo olona ireo ka aleo avadika any fa tsy atao ao anaty lalàna.

**Andriamatoa FILOHA**
Omentsika fitenenana angamba aloha ny Minisitera azafady.

**Ramatoa RAKOTONDRAZAFY Lalatiana Andriatongarivo, Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina**
